

Atolotry ny Departemantan'ny Serasera
eto amin'ny Fivondronam-ben'ny fiangonana Advantista
Faritra Ranomasimbe Indiana ho anao.

FIFANDRAISANA MAHOMBY
ho an'ny
MPITARIKA KRISTIANA

International Institute of
Christian Ministries (IICM)
LCL 105
Nosoratan'i Peter Swanson, Ph.D.

[Nadika avy amin'ny Teny Anglisy]

Fanolorana

Olona marobe no efa nahazo tombon-tsoa sy fitahiana lehibe tamin'ny fianarana sy ny fampiharana ireo toro-hevitra mikasika ny serasera hifandraisan'ny olona samy olona (Communication interpersonnelle) voarakitra ao anatin'ity tari-dalana ity. Ny fianarana ity tari-dalana ity dia tafiditra ao anatin'ny fandaharan'asan'ny fiangonana Adventista maneran-tany.

Ny tsy fahaizana mifehy ny serasera eo amin'ny olona samy olona no fototry ny ankamaroan'ny olona eo anivon'ny tokantrano, eo anivon'ny fiangonana ary eo amin'ny fiaraha-monina. Miantoka ny fahombiazana amin'ny lafiny rehetra (fiarahan'ny mpivady, fifandraisan'ny zanaka sy Ray aman-dreny, ny mpitarika sy ny tarihina, ny mpianatra samy mpianatra ary ny mpampianatra, ny mpitory ny filazantsara sy ny olona hitoriana ny filazantsara, ny mambra samy mambra ary ny loholona, sns...) ny fananana fahendrena sy fahalalana ampy mikasika ny serasera hifandraisan'ny olona samy olona. Tsaroako eto ny teny nataon'olo-malaza iray hoe : Izay mahafehy ny serasera no mifehy izao tontolo izao... Raha marina izany eo amin'ny sehatra hafa dia maika mitombina eo amin'ny asa fitoriana ny filazantsara sy ny asa fitarihina eo anivon'ny fiangonana.

Ny 70 ka hatramin'ny 80% n'ny fotoana tsy hatorian'ny olona dia lany amin'ny serasera hampiasana fitenenana na firesahana amin'olona amin'ny fomba samihafa avokoa... Mety hanana ny fitaovan-tserasera (media) farany raitra indrindra ianao kanefa poak'aty ihany izany rehefa tsy voafehinao fomba hampiasanao azy amin'ny hafatra tianao ampitaina sy ny fomba hampitana azy amin'ny karazan'olona samihafa avy amin'ny kolo-tsaina samihafa izay mety tsy hitovy hevitra sy fomba fiaina ary fijery aminao ny ankamaroany...

Ny Sampana serasera eto anivon'ny Fivondronam-ben'ny Ranomasimbe Indiana (Union des eglises Adventiste de l'Océan Indien) dia nahatsapa fa laharam-pahamehana ho an'ny sampana serasera eo anivon'ny fiangonana ny fanaovana izay hahazan'ny mambra sy ny mpitarika rehetra mifehy tsara ireo fahaiza-manao rehetra mikasika ny serasera eo amin'ny olona samy olona (Communication interpersonnelle).

Hianarantsika ao anatin'ity tari-dalana ity ireo fahaiza-manao rehetra hahafahanao mifandray amim-pitiavana amin'ny karazan'olona samihafa tsy mitovy foto-kevitra, toetra, fomba amam-panao, kolo-tsaina, finoana, ... aminao. Ho hitanao ireo tsiambaratelo nahafahan'ny Jesosy nifandray tamim-pitiavana tamin'ny mpamory hetra, mpijangajanga, olo-tsootra, ny olona tsy mitovy hevitra Taminy, ny mpanan-karena, ny mpitondra fivavahana, ny mpitondra fanjakana, ny boka, ny demoniaka, sns... Firifiry ireo kristiana maka ny toeran'ny Fanahy Masina an-kolaka na mivantana amin'ny fiezahana hanova ny toetran'ny namany amin'ny herin'ny tenany amin'ny fomba masiaka amin'ny endriny samihafa. Tsy niteraka afa-tsy ratra am-po sy fisaraham-bazana anefa izany. Raha mifandray akaiky amin'i Jesosy ianao dia ho ampianariny anao ny tsiambaratelon'ny fifandraisana mahomby amin'ny karazan'olona rehetra . Hoy lzy ao amin'ny Jaona 15 : 5 " Izay miray Amiko dia hamoa be... raha misaraka Amiko kosa ianareo dia tsy mahay manao na inona na inona, ...". Tsy noforonina ho afaka hahita ny tena fahombiazana marina sy maharitra ivelan'ny fifandraisana akaiky amin'ny Andriamanitra nahary antsika isika. Tsy azonao terena ho tia anao ny olona rehetra kanefa azonao atao ny mitia ny olona rehetra sy mifandray am-pitiavana aminy na dia ny fahavalonao aza. Ataovy am-bavaka ny fianarana sy ny fampiharana ny toro-hevitra rehetra atolotra anao ato anatin'ity tari-dalana ity fa hitondra fitahiana lehibe ho anao sy izay rehetra mifandray aminao izany.

Elia Andriamitantoa R.S.

Talen'ny Sampana Serasera

Fivondronamben'ny Fiangonana Adventista - Ranomasimbe Indiana.

NY FOMBA HAMPIASANA ITY TARI-DALANA ITY

- 1- Tsara raha ny Sabata tolak'andro no hiarahana mianatra azy. Azo atao koa anefa ny manamafy ny fiaraha-mianatra eo anivon'ny TAMAMIFI.
- 2- Azon'ny rehetra atao tsara ny mianatra ity tari-dalana ity ao anatin'ny Site Web n'ny Union misy antsika "ioum.adventist.org" / na "ioummg.adventisthost.mg" mba hahafahan'ny tsirairay mianatra mialoha izay voalaza ao anatin'ny mialohan'ny fiaraha-mianatra any am-piangonana. Tsy azo atao anefa ny manova na manampy an-tsonatra izay voalaza ao anatin'ny tari-dalana. Aoka hanao ezaka manokana ny sampana serasera isam-piangonana mba hahafahan'ny rehetra manana ity tari-dalana ity. Antsoy ny tompon'andraikitra ny sampana serasera fa hanampy anao izy.
- 3- Mitovy amin'ny fiaraha-mianatra ny leson'ny Sekoly Sabata no hianarana azy fa tsy toriteny na famelabelarana. Zaraina isan-tsokajiny ny rehetra (Tanora, lehibe,...). Tsy atao mihoatra ny 30 mn ny fiaraha-mianatra isaky ny mianatra - isan-kilasy mba hihazonana ny fahalianan'ny rehetra sy hahafahana mandray lesona sy fanapahan-kevitra vitsy aorian'ny fiaraha-mianatra.
- 4- Azo atao ny manazava ity tari-dalana ity amin'ny alalan'ny "Power Point" ho an'ireo izay afaka manao izany. (Misy CD mirakitra izany ao amin'ny sampana serasera eo anivon'ny Union/AMC)
- 5- Misy ny fanapahan-kevitra iraisana hiarahan'ny isan-kilasy sy ny fiangonana aorian'ny fiaraha-mianatra. Hanaovana tatitra fohy isan-kilasy ireny fanapahan-kevitra ireny mba ho fantatry ny rehetra. Entina am-bavaka hatrany ny fanapahan-kevitra rehetra. Azon'ny isan-kilasy atao (indrindra ny tanora) ny maneho amin'ny alalan'ny fihetsika manokana hiarahana (ohatra) hanehoany ny fanapahan-kevitra noraisiny.
- 6- Aoka hifanentana amim-pitiavana sy amin'ny faharetana amin'ny fampiharana ny fanapahan-kevitra noraisina. Ny ohatra omen'ny mpitarika no fanentanana tsara indrindra. Ilaina ny fijoroana ho vavolombelona.
- 7- Entanina ny sampana serasera isam-piangonana hanomana fotoana (andro iray "sortie" na maromaro "Camp meeting" ...) hahafahan'ny rehetra miara-misakafo, mitsangatsangana, milalao na miara-manao asa soa, sns.....hahafahan'ny rehetra mampihatra miaraka ireo lesona noraisina tamin'ny fiaraha-mianatra. Tsapa mantsy fa tsy ampy fihaonana ny mambran'ny fiangonana.

Tsy azo adika na alain-tahaka na atao fitadiavam-bola ity tari-dalana ity. Raha irinao ny hahazo ny boky mirakitra ity tari-dalana ity - miaraka amin'ireo fanontaniana sy valiny hahafahana mifanakalo havitra sy mandrefy ny fahalalanao mikasika ny serasera amin'ny samy olona, dia azonao atao ny manantona mivantana ny tompon'andraikitra ny serasera eto anivon'ny Union: ELIAN Andriamitantsoa na antsoy ny Tel : 0340679762 /033071070 .na manorata amin'ny Email: makijoyeux@gmail.com

Ny Sampana Serasera eto anivon'ny Fivondronambe (Union – 2011)

FIZAHAN-TAKILA

	Fampidirana
Toko 1	Ireo fihetsika sy toe-tsaina fototra tokony hananana
Toko 2	Fahaiza-mihaino
Toko 3	Fahaizana mifampiresaka
Toko 4	Antso an-telefaonina, taratasy sy e-mail
Toko 5	Lahateny sy fanohanan-kevitra imasom-bahoaka
Toko 6	Fifampiresahana manahirana

FAMPIDIRANA

Olona manana tombontsoa manokana ianao ary nantsoina mba hanatanteraka asa manokana eo anivon'ny fiangonana misy anao. Nofidiana ianao satria manana harena tsy voavidy vola ao an-tsainao ao! Voatahiry ao am-ponao ny fanalahidy izay afaka mamaha ny zava-miafin'ny fiainana mandrakizay. Maro ireo olona manodidina anao izay miaina ao anatin'ny famoizam-po satria tsy ananany ny fahalalana sy ny andram-piainana izay anananao. Maniry mafy izy ireo ny handre izay norenesinao momba an'i Jesosy Ilay Mpamonjy izao tontolo izao. Mangetaheta ny handre anao hizara ireo teny soa ho ambara amin'ny fomba hendry toy ny paoma volamena eo ambonin'ny lovia volafotsy izy ireo (Ohabolana 25:11).

Ny fampitan-kevitra tsotra sy mazava dia manamora ny fahatakarana'ny olona ny fomba handraisana ny famonjena sy ny fomba hitomboana eo amin'ny fiainana kristiana. Azonao atao tsara ny mianatra ireo fahaiza-manao sy mampitombo ny fahafaha-manao efa hanananao mba hizarana ireo fahamarinana sarobidy izay fantatrao momba an'i Jesosy. Rehefa omenao toerana eo amin'ny fiainanao izany fahaiza-manao izany, dia hanan-karena kokoa sy hitondra fahafaham-po ny fifandraisana rehetra ataonao amin'ny hafa.

Ny sasany amin'ireo tsiambaratelon'ny fifandraisana dia tena tsotra. Vetivety dia ho hainao ny hampihatra tsara azy ireny. Ny fahaiza-manao sasany kosa dia mitaky ezaka sy fikirizana. Amin'ny voloany dia mety toa hanavia sy hanahirana anao ny hanatanteraka ny zava-takian'ny fifandraisana tsara. Kanefa ny fitozoanao dia hitondra vokatra lehibe.

Rehefa mianatra lalao vaovao na manomboka asa vaovao ianao, dia ny fikirizanao no hahatonga anao ho havanana amin'izany. Rehefa mampihatra ary tsy sasatra ny mampihatra hatrany ianao, ary mahafoy ny fotoana sy ny ezaka ilaina amin'izany, dia hitombo ny fahaiza-manao ho azonao sy ny fahatokiana ary handroso ianao eo amin'ny fivoaranao ho tonga olona havanana amin'ny fifandraisana.

Zava-dehibe kokoa noho ny fianarana ara-tsaina fotsiny ny fahaiza-mandray sy miaina amin'ireo toe-tsaina fototry ny fifandraisana tsara. Koa ity tari-dalana ity dia hampianatra sy hitarika ny sainao handinika ireo fomba fiheverana sy fomba fifandraisana amin'ny hafa izay hanatsara ny fifaneraseranao amin'ny olona rehetra mifanerasera aminao raha ampiharinao.

Eo am-pandinihana momba izany zavatra izany dia mety hahatsapa ianao fa tokony hafoinao ny sasany amin'ireo fomba fijery tranainy momba ny fifandraisana izay nohazoninao hatry ny ela. Kanefa raha sokafanao handairan'ny asan'ny Fanahy

Masina ny fonao, dia ho tsapanao fa ny "sain'i Kristy" no hitarika anao hampihatra ireo fahendrena tokony hiainanao eo amin'ny fifandraisanao amin'ny hafa.

Tokony ho fahazarantsika ny miteny amin'ny feo mahafinaritra; ny mampiasa fiteny madio sy mendrika, ary ny manonona teny feno fahalemem-panahy sy feno fanajana. Ny tenim-pahalemem-panahy dia toy ny ranon'ando mamelombelona ny fanahy.

Ny sasany amin'ireo olona hifandraisanao dia mety ho feno fahasiahana ary tsy manaja, kanefa aoka tsy ho atao antony hampihena ny fanajanao azy ireny izany. Izay olona maniry hitandro ny hajan'ny tenany dia tokony hitandrina mba tsy hanosihosy ny hajan'ny hafa. Izany fitsipika izany dia tokony hampiharina na dia amin'ny olona manorisory sy ratsy toetra indrindra aza.

"Tsy fantatrao izay fikasan'Andriamanitra ho an'ireny olona toa tsy antenaina hiova intsony ireny. Tamin'ny lasa dia efa nifidy olona toa tsy misy antenaina sy ratsy fitondran-tena lzy mba hanatanteraka asa lehibe ho Azy" (3 SM 240.3).

"Ny fivavahana amin'i Jesosy dia manalefaka na dia ny toetra mafy sy ratsy indrindra aza, ary manitsy na dia ny fomba tsy mendrika indrindra aza. Manova ny teny ho mamy izany ary manova ny toetra ho manintona. Andeha hianarantsika amin'i Kristy ny hampifandrindra ny fahatsapana lalina ny atao hoe fahadiovana sy fahitsiana sy ny toetra kanto toy ny masoandro mibaliaka. Ny kristiana malemy fanahy sy manaja no fandresen-dahatra lehibe indrindra asehon'ny fivavahana kristiana" (CM 73.2).

Ny nanoratra ity tari-dalana ity :

Peter Swanson, Ph.D.

IREO FIHETSIKA SY TOE-TSAINA FOTOTRA TOKONY HANANANA

Misy **foto-kevitra roa lehibe** momba ny fifandraisana izay hanampy antsika hahatakatra ny fomba tsara indrindra hifandraisana amin'ny hafa. Rehefa saintsainintsika matetika izany ary manapa-kevitra isika ny hampihatra izany isan'andro, *dia hanova ny fiainantsika ho mahomby kokoa ireo fitsipika roa fototry ny fifandraisana ireo.*

Ny **fitsipika voalohany** dia **ny fahatakarana tsara ny toerana misy ny hafa.**

Izany hoe ilaintsika ny misafidy hampifantoka ny fisainantsika amin'ny fiezahana hahatakatra ny hevitra miafina ao ambadiky ny teny izay lazain'ny olona miresaka amintsika mba hahafantarana izay tena tiany hambara. Midika koa izany fa *tsy maintsy miezaka hahatakatra ny toe-javatra iainany isika, sy izay zavatra mety ho tsapantsika raha nipetraka teo amin'ny toerany.*

Ilaintsika ny *manazatra ny masontsika mba hahay handinika, sy ny sofintsika mba hahay hiaino, mba hahatonga antsika ho havanana amin'ny fahatakarana ny toerana misy ny hafa. Ilaintsika ny miezaka hahalala amin'ny fantsika mihitsy fa tsy ny saina fotsiny...* mba hahatakatra ny hevitra miafina ao ambadiky ny zavatra hitan'ny masontsika sy ny feo ren'ny sofintsika.

Ny **fitsipika faharoa** dia **ny fanaovana izay hahamora araka izay azo atao ny hahatakarana'ny hafa ny hafatra ambaranao / tianao hambara.**

Voakasik'izany ny teny ampiasaintsika, ny fomba ampiasaintsika hampitana izany, ary ny fahavononantsika haneho ny tena eritreretintsika sy ny fahatsapantsika marina ny zavatra tiantsika hambara. Tsy maintsy ampifanarahana amin'ny zava-misy hianan'ny olona hampitanao hafatra (fari-pahalalana, taona, fotoana, toerana,...) ny fomba ho entinao mampita hafatra sy ny fomba hitenenanao aminy.

Manàna fahendrena eo amin'ny fanehoanao ny momba anao amin'ny hafa.

Ny **tendro iray izay tokony hialana** dia ny fironana hanambara be loatra ny momba anao manokana. Raha mifantoka aminao mandrakariva ny resaka ifanaovanao amin'ny hafa dia tsy ho ela dia ho leo mihaino anao ny olona. Ary **raha mizara ny antsipiriany loatra** momba ny fiainanao manokana ianao dia hoheverin'ny olona ho tsy mahafehy tena sy be resaka loatra.

HEVI-DEHIBE

1-Fahatakarana tsara ny toerana misy ny hafa

2-Ampio ny hafa hahatakatra ny hafatra ambaranao / tianao ampitaina

3-Aoka ho ampy – ary tsy mihoatra – ny hafatra ambara

Ny **fahadisoana iray** izay tokony hialana dia ny fitandroana na **ny fanafenana loatra ny momba ny tenanao ka tsy fantatry ny olona mihitsy hoe iza marina moa ianao**. Ny fanirian'izy ireo olona manodidina anao dia ny hialanao avy ao ambadiky ny saron-tavanao mba hisehoanao araka **izay tena maha-izy anao**. **Sarotra ny hitia olona miseho tsy araka izay tena maha-izy azy akory**. Tsy tsara ny hisehoanao ho toy ny olona tsy misy tsiny ohatra, kanefa ny rehetra dia mahafantatra fa manana ny tsy fahatanterahanao ianao.

Mba hahafahanao mihazona ao an-tsainao sy ao am-ponao ireo fitsipika roa fototry ny fifandraisana, dia hanampy anao ny fandinihana ny ohatra nasehon'i Jesosy sy ny fihetsiny nanoloana ireo olona nifanerasera taminy.

Tian'i Jesosy loatra ny olona **ka tsy nitsara na nanameloka ny hafa lzy**. Jesosy dia mitady hatrany izay hanampiana ny hafa eo anatrehan'ny olona manahiran-tsaina azy ireny amin'ny lafiny rehetra.

Fa Andriamanitra **tsy naniraka ny Zanaka ho amin'izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao**, fa **mba hamonjeny izao tontolo izao** (Jaona 3:17).

Ary rehefa nitraka Jesosy, dia hoy lzy taminy; Ravehivavy, aiza ireny? Tsy nisy nanameloka anao va? ... (Jaona 8:10a).

Ary hoy izy: Tsy misy, Tompoko. Dia hoy Jesosy: Izaho koa dia tsy manameloka anao (Jaona 8:10b,11)

Ary aza mitsara, dia tsy hotsaraina hianareo (Lioka 6:37).

Azonao an-tsaina ve ny mety ho **fihetseham-po** tao anatin'ilay vehivavy tamin'io andro nampatahotra io izay nitondran'ny olona azy tamin-kerisetra teo anatrehan'i Jesosy? Azonao an-tsaina ve ireo vahoaka miantsoantso sy mandrahona? Ireo lehilahy nitana vato teny an-tànany! Efa vonona ny hamono. Lehilahy feno fankahalana tao am-pony! Lehilahy nanao teny nanambany sy nanevateva! Azonao an-tsaina ve ny **fihetsika nitondra fanantenana sy naneho famelan-keloka nataon'i Jesosy teo anatrehan'ny fanamelohana nasehon'ny maro**.

Azo antoka fa nitambesatra tamin'ilay vehivavy ny henatra, ny fahamelohana sy ny nenina. Azo antoka fa nampivarahontsana azy ny fahafantarany fa hotoraham-bato mba ho faty izy. Ary ny teny mahery, manambany sy mandatsa nataon'ireo mpiampanga azy dia azo antoka fa toy ny antsy nandrasarasa ny fony.

Kanefa, tampoka teo, dia nangina ny rehetra. Toy ny fahatoniana aorian'ny tafiotra, dia nangina ny olona rehetra nanatrika teo. Feno fahatairana,

4-Aoka ho hitan'ny olona fa olombelona toa azy ianao

Tsy mitsara fa mitady hatrany izay hanampiana ny hafa

5-Tsy nanameloka lzy

6-Tsy niampanga lzy

7-Mamelona indray ny fanantenana ao am-pon'ny hafa lzy.

8-Fehezo ny fironana hanakiana ny hafa

9-Ny hevitra ny hoe : fiombonam-po dia ny fahatsapanao ao amin'ny fonao mihitsy ny fahoriana mahazo ny hafa...sy mitondra fanantenana ho azy.

10-Ireo teny manoritsoritra ny zav-niseho dia manampy antsika hahatakatra ny toe-javatra niainan'ilay vehivavy

11-Afaka miova ao anatin'ny fotoana fohy ny fihetseham-po na ho

fahatoniana, fiadanana sy fankasitrahana tao am-pony ilay vehivavy. Niteny i Jesosy, ary ny teny nolazainy dia nanova ny zava-drehetra. **Ny teny nolazainy dia nitondra antoka ho an'ilay vehivavy fa noraisina tamin'ny naha-izy azy izy, ary nanome antoka ho amin'ny fiainam-baovao indray. Serasera mitondra fanantenana sy famonjena.**

Toa an'i Jesosy dia azontsika atao ny **mampiasa teny mba hankaherezana, hamahana olana ary hampitonena ny fo maratra.** Ho voasarika hanatona antsika ny olona noho ny fahalemam-panahintsika sy ny fahitany fa *tena liana ny aminy marina tokoa isika. Ho tsapany fa manome tombam-bidy ambony azy isika, ary isika dia mifehy ny fironana rehetra hitsara, hanakiana sy hanameloka azy, no sady manao izay hahatakarana ny toerana misy azy amin'ny alalan'ny fiezahantsika hisaintsaina izay mety ho fahatsapana ao anatintsika raha isika no teo amin'ny toerany.* Tsy mbola nitondra vaha-olana na taiza na taiza ny toe-tsaina tia manameloka.

Toy ny fanomezana sakafo ho an'ny noana sy rano ho an'ny mangetaheta dia midika ho fanatanterahana ny filana lalina ao anatin'ny olona **ny fanekena marina ny hafa amin'ny maha-izy azy.** Ny fon'ny olona dia **mangetaheta fahazoan'antoka fa omena tombam-bidy sy ekena izy na eo aza ireo fahalemeny. Ataovy amin'ny hafa izay tianao ho ataon'ny hafa aminao.**

Ny hoe manaiky ny olona iray amin'ny maha-izy azy dia **fanekena fa malemy ny olombelona ary koa fanambarana fa ny fahadisoany sy ny fahalemeny dia tsy havelanao hanakana ny jifandraisanao aminy, tahaka izay nataon'i Jesosy.** Noho izany, rehefa manaiky ny olona iray amin'ny fonsika tokoa isika na eo aza ireo fahadisoany sy tsy fahatanterahany, dia manamafy orina ao anatin'ny tombam-bidin'ny tenany isika amin'izany fomba izany ary mampirisika azy hiaina amin'ny fiainana mendrika ny toerana ambony izay omentsika azy.

Ny faneken'i Jesosy ny maha-izy ilay vehivavy mpijangajanga dia feno sady maimaim-poana, teo no ho eo ary tsy nisy fepetra. Tsy nilaza Izy hoe 'raha miaina amin'ny fiainana tanteraka ianao manomboka izao dia hanaiky anao amin'ny maha-izy anao aho, fa aoka handalo sedra aloha ianao.' Marina fa nilaza taminy izy mba handeha ary tsy hanota intsony, kanefa **ny fanekeny azy tamin'ny maha-izy azy dia tsy nitaky sandany na inona na inona. Tsy nilaza Izy hoe raha manao izao ianao dia izao no hataoko ho anao. Ny fanekeny azy tamin'ny maha-izy azy dia tsy hoe satria mendrika izany izy.** Mazava fa mendrika hohelohina sy ho faty tokoa ilay vehivavy. **Ny fanekena azy amin'ny maha-izy azy tsy nisy fepetra no nanampy ity vehivavy ity handray ny famelan-keloka sy ny toro-hevitra nomen'i Jesosy azy sy hanova ny fomba fiainany...fa tsy ny fanamelohana atao azy velively.**

*an'ilay nomelohina na ho an'ireo nanameloka....
satria teo Kristy...*

12-Ny ohatra nasehon'i Jesosy no fomba azo antoka tokony harahintsika....(raha Kristiana tokoa isika)

13-Filàna fototra ao amin'ny olombelona ny fanekena azy amin'ny maha-izy azy.

14- Ny fanekena handray ny olona iray amin'ny maha-izy azy no tena irin'ny olona sy ilainy indrindra amin'ny fotoana tsy maha-mendrika ny hanomezana azy izany indrindra.

15-Neken'i Jesosy tamin'ny maha-izy azy tsy nisy fepetra ilay vehivavy. Nanampy ilay vehivavy handray famelan-keloka sy hanova ny fomba fiaiany izany...

tsy mbola nanova na iza na iza ho amin'ny tsara ny fanamelohana azy...

ny fomba nampiasain'i Jeosy no tsy maintsy arahintsika...

Neken'i Jesosy tamin'ny maha-izy azy ilay vehivavy satria **ny fitiavana dia mijery ny ao ambadiky ny fahadisoana. Hitany tao amin'ilay vehivavy ny endrik'Andriamanitra.** Marina fa simba sy rotika izany endrik'Andriamanitra tao aminy izany, kanefa **mbola tazana ihany. Tsy ny fanamelohana no fomba hamerenana izany amin'ny laoniny fa ny fahasoavana mamonjy.**

Toy ny vola izay mitondra ny sary sy ny soratra famantarana ny fanjakana namoaka azy, ny olombelona dia mitondra ny endrika sy ny marik'Andriamanitra; ary na dia simba sy vasoka aza izany ankehitriny noho ny fahotana, dia mbola hita ao amin'ny fanahy tsirairay hatrany ihany izany marika sy famantarana izany (COL 194.3).

Ny fitiavana dia mijery lavitra ary tsy mifantoka amin'ny toetsika ankehitriny, fa amin'izay azo antoka fa ho toetsika amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra izay hanova antsika.

Tsy misy olona ratsy loatra, na nitontongana ambany loatra ka tsy ho tratry ny herin'Andriamanitra afaka manova. (COL 96).

Na inona na inona fironana hanao ratsy nolovaintsika sy nokolokolointsika, dia afaka mandresy isika amin'ny alalan'ilay hery izay efa omanin'Andriamanitra homena antsika.

Rehefa manana izany fomba fijery ambony momba ny hafa izany isika ary manaiky azy ireo mandrakariva amin'ny fontsika tokoa, rehefa lavintsika ny hery manimban'ny faninintsiniana sy ny fironana hanameloka ary fehezintsika ny fironana hiheritreri-dratsy momba ny hafa, dia hitondra fanatsarana sy fahazavana eo amin'ny fiainantsika sy ny fiainan'ny hafa izany, ho voninahitr'Andriamanitra.

Vavaka : Ry Ray be indrafo ô! Ampio aho mba hanaiky ny mpanota amin'ny maha-izy azy, na toy inona na toy inona faharatsiam-pitondran-tenany. Ampio aho mba hahita ny tsara ao amin'ny hafa ary omeo ahy ny fahendrena hahitako ny mety ho toetra tsaran'izy ireo amin'ny alalan'ny fanovana ataon'ny herin'ny fahasoavanao. Ary ny fiteniko dia ho fiteny sahaza sy miharo fahasoavana mba ho fantatry ny olona rehetra fa izaho dia **mankahala ny fahotana izay manimba sy mamotika ny fiainan'ny olona, kanefa ho tia ny mpanota izay nanoloran'i Kristy ny ainy.** Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amen.

16-Ny tsara indrindra ao amin'ny hafa no jereo, fa aza mifantoka amin'ny lafy ratsy –

Jesosy nijery ny olona toy **ny fanahy lavo ho vonjena- fa tsy ho melohina.**

17- Ambarao sy asehoy amin'ny hafa fa **matoky azy ianao ary mandray azy tahaka izay handraisan'i Jesosy azy.**

18-Ny hery hoenti-mandresy dia omena maimam-poana ho antsika

19-Tanjona ambony lavitra no aoka ho kendrena.

Aza manao ny fanaon'izao tontolo izao amin'ny fanitsiana ny hafa.

20-Ataovy am-bavaka ny fanapahan-kevitrao. Izy no loharanon'ny fitahiana sy ny fahombiazana rehetra.

TADIDINAO VE IZAY NIANARANA?

1. Milazà antony manosika roa lehibe izay hanampy hanao hahay hifandray tsara amin'ny hafa.

2. Sarotra ve sa mora ireo fahaiza-manao hampivoarana ny fifandraisana?

3. Inona no toetra tsara roa ilaina eo amin'ny dingan'ny fianarana?

4. Inona ireo fitsipika roa lehibe fototry ny fifandraisana?

5. Inona no dikan'ny hoe miombom-po?

6. Milazà toe-tsaina roa nasehon'i Jesosy teo amin'ny fiainany izay afaka hanova ny fifandraisanao amin'ny hafa.

7. Fanontaniana fampieritreretana: Inona no fiovana tokony hataonao eo amin'ny toe-tsainao sy ny fanaonao mba hanekenao ny hafa tanteraka sy maimaim-poana amin'ny maha-izy azy, sady mitia azy ireo am-pahendrena ary mitarika azy ireo hahafoy ny fahotany?

TOKO FAHAROA

FAHAIZA-MIHAINO

Nomen'Andriamanitra sofina roa isika, ary vava iray, **mba ho avo roa heny ny fihainoantsika raha ampitahaina amin'ny fitenenantsika**. Izany fomba fiteny mahazatra izany dia mampatsiahy antsika ny maha-zava-dehibe ny fampiasantsika tsara ny sofintsika. Midika izany fa tokony hodinihantsika ny habetsaky ny fotoana lanintsika amin'ny fitenenana sy ny fotoana lanintsika amin'ny fihainoana.

Ny olona izay tsy mitsahatra miteny ary tsy manome anajara fitenenana ny hafa no atao hoe olona miteny irery. Fa rehefa mifandimby miteny ny olona roa dia atao hoe **mifampiresaka** izy ireo. **Amin'ny fifampiresahana mahomby dia mitovitovy ny faharetan'ny fotoana itenenan'ny tsirairay**. Misy ihany koa anefa ny **fotoana fanginana** izay **ahafahan'ny roa tonta misaintsaina** ny amin'izay voalaza na noresahana.

Mampiasa tsara ny sofintsika isika rehefa tsy mianona amin'ny fandrenesana fotsiny fa tena mihaino. Ny fandrenesana dia dingana iray lehibe mitarika ho amin'ny fihainoana. Mba hahafahanao mihaino tsara dia ilainao ny manakaiky araka izay azo atao ny olona miteny aminao mba hahafahanao mandre izay lazainy raha sendra miteny mora izy. **Raha tsy manakaiky azy tsara ianao dia tsy ho renao izay lazain'ilay olona** raha sendra misy feo hafa manembantsembana tampoka, na dia miteny mazava sy amin'ny feo antonony aza izy. Raha anton-javatra lehibe no ifampiresahana dia tsara raha amin'ny toerana mangina sy milamina no anaovana izany mba tsy ho voahelingelina ianareo. **Ataovy azonao antoka fa tsy misy olon-kafa mandre** izay ifampiresahanareo **raha resaka manokana sy tsiambaratelo no atao**.

Ny fihainoana dia tsy fandrenesana fotsiny. **Afaka mandre olona miteny isika kanefa mety tsy ho azontsika izay lazainy**. Mety ho vitantsika mihitsy aza ny mamerina izay teny rehetra nolazainy kanefa tsy fantatsika ny heviny. Mba hahafahana mihaino tsara dia **ilainao ny mampifantoka ny sainao manontolo** amin'ny fiezahana hahatakatra izay tian'ilay olona hambara.

Misy **fantontaniana vitsivitsy izay azontsika apetraka amin'ny tenantsika** mba hanampy antsika hahatakatra amin'ny fahafenoany ny hevitra ny teny izay henointsika. Ny **fanontaniana voalohany** dia tsotra: **Inona no nolazain'ilay olona?** Ny fomba iray hamantaranao fa tena norenesinao tsara ny teny nambara taminao dia **ny famerenanao amin'ny teny fohy izay voambarany**. Ohatra: raha misy

HEVI-DEHIBE - 1

1-Ahenao ny teny, Mihainoa bebe kokoa
- Nomena vava iray sy sofina roa isika

2-Rehefa miresaka dia aza miteny irery. Zarao mitovy ny fotoana hitenenanao sy ny olona miresaka aminao.

3-Misy fotoana hanginana hisaintsainana izay noresahana.

4-Manakaiky mba ho afaka mihaino tsara

5- Fanginana

6-Toerana sahaza hifampiresahana

7-Hajao ny tsiambaratelon'ny hafa

8- Mampifantoka ny sainao. Miezaka ny hahatakatra izay tiana hambara.

HEVI-DEHIBE -2

a-Ny teny sy fehezanteny nolazainy

Inona no nolazainy?

b-Famintinana fohy izay nolazainy

Mahazo tsara ny tiany hambara

olona niresaka tamin'ny momba ny zanany, dia azonao atao ny mamintina izany toy izao: "Izany hoe, ny anaran'ny zanakao voalohany dia Suzanne. Manan-jandry roa lahy izy, Koto sy Fara, ary ny faravavy dia antsoina hoe Terezy." **Hahafaly azy ny fahalalany fa tena nihaino azy araka ny tokony ho izy tokoa ianao.**

Izany famerenana ny hevi-dehibe nolazain'ily olona izany dia hanome antoka azy fa tena nihaino ny teny nolazainy ianao. **Raha misy diso ny fandrenesanao azy dia ho afaka hanitsy anao ilay olona mifampiresaka aminao**, satria zava-dehibe ny fandrenesana marina ny teny eo amin'ny fahazoana ny tiany hambara.

Ny **fanontaniana faharoa tokony hapetrakao amin'ny tenanao** dia ny hoe: **Inona no azoko tsoahina avy amin'ny fomba nanambarany ireo teny nolazainy? Indraindray dia misy fahasamihafana eo amin'ny fomba nitenenana ny teny sy ny teny voambara.** Afaka miteny ny olona iray hoe "Sambatra aho" kanefa amin'ny fomba tena malahelohelo no hilazany izany, ary dia ho takatrao avy amin'izany fa ny mifanohitra tanteraka amin'izany no tiany hambara.

Amin'ny ankapobeny dia **tokony hifandrindra tsara ny teny ambaran'ny olona sy ny fomba anambarany azy**, saingy rehefa toa misy fifanoherana eo amin'ny zavatra ambara sy ny fomba nanambarana azy dia **tokony hotakarinao izay tena tiany hambara.**

Indraindray koa dia **misy olona milaza ankolaka ny hevitra tiany hambara.** Ohatra: ny olona iray am-bavahaonan'ny fahafatesana dia mety hiteny hoe "rehefa tonga ny fotoana" fa tsy hoe "rehefa ho faty aho" satria moramora kokoa ny miteny na mandre izany raha lazaina amin'ny fomba toy izany. **Aoka ho vonona hanakatra ny zavatra tsapan'ny hafa ianao sady ho feno fanajana.** Tena zava-dehibe ny hahatakaranao mazava ny tian'ily olona hambara. **Fintino amin'ny teny fohy ny fahazoanao ilay hevitra nambarany, amin'ny fampiasanao teny mahitsy tsy miolakolaka kanefa tsy mandratra.**

Ny **fanontaniana fahatelo** tokony hapetrakao amin'ny tenanao dia ny hoe: **Inona no hafatra miampita amin'ny fihetseham-pon'ilay olona?** Indraindray dia tsy isalasalana ny amin'ny fihetseham-pon'ilay olona satria ny teny ampiasainy dia manoritra mazava ny zavatra tsapan'ny. Mety hiteny izy hoe "Tezitra aho satria..." na "Malahelo mafy aho noho ..."

Mba hahatakaranao marina ny zavatra ambaran'ny hafa, dia **hanampy anao ny fiezahanao hahatsapa amin'ny ampahany ny fihetseham-po izay tsapan'ilay olona mifampiresaka aminao.** Ny apôstôly Paoly dia mamporisika antsika hoe "Miaraha mifaly amin'izay mifaly, ary miaraha mitomany amin'izay mitomany" (Romana 12:15). Ary mitaona antsika koa izy mba hampionona "izay rehetra mitondra fahoriana... amin'ny fampiononana izay ampiononan'Andriamanitra" antsika (II Korintiana 1:4). **Mifaly, mampionona.... Fihetsika mifamatotra akaiky amin'ny fo avokoa izany....** Raha miteny ianao hoe: "Malahelo ny foko noho ny fandrenesako fa namoy olona akaiky anao ianao," dia ho tsapan'ilay olona kokoa **ny fahatsapanao** ny toerana misy azy, raha ampitahaina amin'ny fomba fiteny toy ny

Avelao izy hanamarina fa tena azonao ny tiany ho lazaina

HEVI-DEHIBE-3

*a-Fomba ahoana no nanambarana **ny teny?***

Mifanaraka ve ny teny nambarany sy ny fomba nitenenany azy...

Ezaho fantarina izay tena tiany hambara.

9-Takaro ny hevitra ampitaina ankolaka (message cache)

10-Fahavononana hanakatra izay zavatra tsapan'ny hafa sy fiezahana hamantatra izay tena tiany ho lazaina...fa tsy izay heverinao fa tiany ho lazaiana

HEVI-DEHIBE-4

(Mamantatra ny hafatra miampita amin'ny fihetseham-pon'ny hafa)

11- Fiombonam-po

Fihetsika mifamatotra amin'ny fo...fihetsem-po.

hoe: "Namoy olona akaiky anao tokoa ianao a!"

Ny tanjona izany dia ny hampitana mazava amin'ilay olona fa voarainao tsara ny fihetseham-po izay nozarainy taminao. Ho afaka hanampy anao hahatakatra misimisy kokoa izay zavatra tsapany ilay olona mifampiresaka aminao, ary ho afaka hanitsy ny mety ho fahatakaranao tsara izay nambarany raha toa hitany avy amin'ny famerenana ataonao fa tsy azonao tsara izay tiany ho lazaina. Amin'ny alalan'ny fampiharana izany dia ho tonga olona afaka miombom-po amin'ny hafa ianao. **Misy tendro roa tokony hialana anefa. Ny voalohany** dia ny firobohanao lalina loatra ao amin'ny fihetseham-po sy ny fahatsapan'ny hafa ka hanjary tsy ho voafehinao intsony ny fihatraikan'izany eo amin'ny fihetsem-ponao manokana. Mety hanjary ho tezitra loatra, na halahelo loatra ianao, ka tsy hanana saina mazava intsony, ary vokatr'izany dia mety hiteny na hanao zavatra tsy hitondra vaha-olona ho an' ilay olona mihitsy ianao. **Ny fahadisoana faharoa** dia ny fanalaviranao be loatra ny lafiny fihetsem-pon'ny hafa, amin'ny fanehoanao fihetsika mangatsiaka toy ny milaza fa tsy mahakasika anao mihitsy ny fihetseham-pony vokatry ny toe-zavatra mihatra aminy, ka hahatonga azy hanontany tena mba hahalalany na mbola misahirana sy miezaka hahatsapa ny zava-misy eo amin'ny fiainany ianao na tsia eo am-piresahana aminy.

Misy indray ireo olona sasany izay tsy mahay mamboraka ny fihetseham-pony. Mety tsy hanana teny hanoritana ny fahatsapana ao anatiny izy, na mety notezaina tao amin'ny fianakaviana izay tsy mba nifampizara fihetseham-po mihitsy. Na dia mety tsy hampiasa teny manambara fihetseham-po aza izy ireny rehefa miresaka, dia azonao atao ny maminavina ny fihetseham-pony amin'ny alalan'ny fihainoanao tsara izay lazainy. Ary raha vitanao ny mampiasa teny hanambaranao izay zavatra tsapany, kanefa tsy hainy ambara araka ny tokony ho izy, dia ho feno fankasitrahana anao izy noho ny fahatakaranao avy hatrany ny tena tiany hambara sy ny fihetseham-pony. Ny fomba iray hahamora ny fahatakaranao ny fihetseham-po miaina ao amin'ny hafa dia ny fametrahanao amin'ny tenanao ny fanontaniana hoe: **Raha izaho no teo amin'ny toerany, dia inona no zavatra mety ho tsapako? Rehefa izany dia mampiasa teny vitsy maneho fihetseham-po ho entinao mamintina izay voambara, dia diniho tsara ny zavatra hiseho aorian'izany.**

Azonao atao tsara ny mampivoatra ny fahalalanao ny lisitr'ireo fihetsika sy/na teny fampiasa izay maneho fihetseham-po amin'ny alalan'ny fandinihana ireto fihetsika sy teny manaraka ireto =

ILAINA MIHITSY NY MANEHO FA voarainao tsara ny fihetseham-po izay nozarainy taminao

12-lalao koa anefa ny firobohana lalina loatra ao amin'ny fihetsempon'ny hafa

13-Aoka ho tsapanao ao am-ponao mihitsy ny fahorian'ny hafa

14-Mianara maminavina. Ezaho fantarina izay tiany ambara....kanefa aza mitsara izay heverinao fa mety ho eritreriny.(Rom 14:1)..... ampio fotsiny izy amin'ny famerenanao amin'ny teny hafa mazava kokoa izay heverinao fa maneho ny tena tiany ambara.....dia avelao izy hanamarina izany na tsia.....dia fadio ny maneho fihetsika na fiteny mitsara azy amin'izay tsy nolazainy....Ny tanjona dia tsy ny hitsara fa HANAMPY.

15-Miezaka mipetraka eo amin'ny toeran'ny hafa sy miaina amin'ny fiezahana hahatsapa izay zavatra tsapany. Inona no ho tsapako?

Teny sy fihetsika maneho fihetseham-po miabo (positive)

<u>FALY</u>	<u>MIENTANENTANA</u>	<u>AFA-PO</u>	<u>MANKASITRAKA</u>	<u>MAIVAMAIVANA</u>	<u>TONY</u>	<u>TOMBAM-BIDY AMBONY</u>
Ravo Mibitaka Mitsinjaka Mirana Sambatra Mankafy Mankamamy Sns.	Marisika Mazoto Vonona Tsindrian-daona Tsy mahandry Tsy maharitra Midobodoboka ny fo Sns.	Faly Mety Voakolokolo Tombony Mahazo aina Mandresy Sns.	Misaotra Feno fitahiana Faly Gaga Midera Mankafy Sns.	Mionona Afaka Mahery Mitony Voatohana Nampiana Sitrana Afa-pahasahiranana Mahazo aina Miaina kokoa Sns.	Milamina Fandriam- pahalemana Tsy mikorontana Mangina Mitsahatra Sns.	Tiana Hajaina Mendrika Sarobidy Ambony Deraina Manokana Sns.

Arakaraky ny fihetsika asehony sy/na teny lazainy no hahalalanao ny fihetsem-pony (miabo) : faly, mientanentana, afa-po, mankasitraka, maivamaivana, tony, nahatsiaro ho manana tombam-bidy ambony, sns...

Teny sy fihetsika maneho fihetseham-po miiba (negative)

<u>MALAELO</u>	<u>LEO/ TSY LIANA</u>	<u>SORENA</u>	<u>TSY FANANANA</u>	<u>KIVY</u>	<u>TAHOTRA</u>	<u>TOMBAM-BIDY AMBANY</u>
Mavesatra ny fo Tsy faly Kivy Very fanantenana Manembona Manina Maratra ny fo Tsy mionona Nianganana Nahilika Sns.	Kamo Tsy rotoatra Tsy taitra Tsy voakasika Malaina Miala Aok'izay Vizana Ampy Sns.	Sosotra Tsy afa-po Diso fanantenana Reraka Kivy Ratsy Tezitra Kamo Sns.	Mahantra Sahirana Tsy manan-katao Madinika Mahonena Mijaly Lany ny fananana Nianganan'ny vintana Sns.	Sahiran-tsaina Sorena Tsy hita izay hatao Diso fanantenana Marary an-doha Very hevitra Mitanondrika Reraka Tapi-dàlan-kaleha Sns.	Matahotra Mihorohoro Mivarahontsana Menatra Tsy sahy Mangovitra Manahy Mitaintaina Miasa saina Sns.	Tsy tiana Ambaniana Tsy mendrika Tsy misy vidiny Tsy misy dikany Ratsy Diso Vendrana Adala Sns.

Arakaraky ny fihetsika asehony sy/na teny lazainy no hahalalanao ny fihetsem-pony (miiba) : malahelo, leo/ tsy liana intsony, sorena, teny maneho tsy fananana, kivy (endrika/teny), matahotra, mihevi-tena ho ambany,,sns....

Ny **fanontaniana fahefatra** izay afaka *hanampy anao amin'ny fahatakarana ny mahazo ny hafa sy mamantatra izay tiany ho ampitaina dia ny hoe: **Inona no tiany hambara? Izany hoe mifantoka amin'ny ivon'ny resaka mihitsy.** Tsy ho azonao tsara ny hafatra ambaran'ny hafa raha tsy fantatrao izay tiany hambara.*

Koa raha ampiarahinao ny hoe **"Inona no lazainy"** sy ny hoe **"Ahoana no fomba nilazany azy"** ary ny hoe **"Manao ahoana ny fihetseham-pony eo am-pitenenana azy"** dia azo antoka fa hanakaiky kokoa hatrany ny fahalalana ny tena hevitra tiany hambara ianao.

Ny olona sasany dia **mahafantatra mazava ao an-tsainy ny hevitra tiany hampitaina.** Ary raha mahay mampiasa tsara ny teny izy **dia hifantina tsara ny teny** hampiasainy mba hampazava tsara ny hevitra tiany ambara. Raha **afaka miteny tsara** izy, ary raha **tsy misy feo hafa manembantsembana**, dia azo antoka fa ho ren'ny mpihaino ny teny ambarany. Raha vonona sy liana hihaino azy ny mpihaino, ary raha takatry ny mpihaino ny hevitra ny teny renesiny, ary raha tsapan'ny mpihaino ny fihetseham-pon'ny mpiteny sady azony ny fifamatoran'izany rehetra izany (**teny, fihetsika eo am-pitenenana, fihetsem-po**)

HEVI-DEHIBE-5

"TSINGERIN'NY FIFANDRAISANA"

*16-Mahatakatra ny tiana
hambara*

17-Hevitra mazava

18-Teny voafantina

19-Miteny mazava

20-Tsy misy

manembantsembana

21-Fahalianan'ny mpihaino

22-Fandrenesana mazava

23-Fahatakarana ny

fihetseham-po

dia azo antoka fa ho takatry ny mpihaino ny hevitra tian'ny mpiteny hampitaina.

Mipetraka ireo fepetra ireo na amin'ny resaka hifanaovan'olon-droa na amin'ny resaka hinaovan'ny olona iray amin'ny olona maromaro. Manamora na manasarotra ny hahafeno ireo fepetra ireo ny **fihetsika asehonao** eo anatrehan'ilay olona miresaka aminao.

Mariho fa **tsy maintsy arahana tsara ny dingana rehetra eo amin'ny dingan'ny fifandraisana.** Raha tsy narahana ny dingana iray dia mety hivilana na hiova dika na very an-dàlana ny hevitra ampitaina. **Ny tsingerin'ny fifandraisana dia feno rehefa hain'ny mpihaino averina sy ambarany ny hevitra noraisiny (voarainy), ary nohamarinin'ny mpiteny izay nampita ny hafatra fa tsy diso tokoa ny fandraisana ny hafatra nampitainy, izany hoe voamarina fa "ny hevitra nampitaina = (dia midika na mitovy amin'ny) hevitra voaray."**

Ny ankamaroan'ny resaka tsy mifankahazo dia vokatry ny tsy fahafantaran'ny mpihaino mazava tsara ny zavatra tiana hambara aminy. Manomboka miteny ny olona iray kanefa tsy fantany hoe aiza no **hiafaran'ny resaka ataony sy ny tanjona kendreny**, ary na eo am-pitenenana aza - dia tsy saintsaininy akory izay tena tiany hambara. **Na ny mpihaino havanana indrindra aza dia mety ho sahirana** hanakatra ny hevitr'ireo teny mifangaro isan-karazany izay ampiasainy!

Ny fahasarotana iray hafa dia **miseho rehefa misy fihetseham-po mavesatra be ao am-pon'ilay olona miteny** ka tsy vitany intsony ny manao resaka mirindra, ny teny ataony dia **mandrehitra ny fihetseham-pon'ireo olona manodidina azy fotsiny**, ary mety **tsy ho voafehiny** intsony aza ny tena resaka tiany atao. Mety ho tratan'izany na iza na iza miteny amin'ny fihetsem-po mavesatra. **Aleo mangina aloha : (Salamo 4: 4b)**

Na dia amin'ny toe-javatra sarotra toy izany aza, dia azonao atao ny manakatra ny zavatra tian'ilay olona ampitaina aminao raha manokana fotoana ianao, ary **mitaona am-paharetana ilay olona mba hanampy anao hanakatra izay tena tiany hambara. Andraso hitony tsara aloha izy.**

Farany, zava-dehibe ny hametrahanao amin'ny tenanao ny fanontaniana hoe: Tena marina ve izany voalaza izany? Ny olona sasany dia minia mamily sy manolana ny fahamarinana, ny sasany kosa dia manao izany tsy nahy. Ny olona tsy mahay mandainga dia mora fantatra, fa **ny olona izay zatra mamitaka sy mandainga dia havanana tokoa amin'ny fametsena ny hafa.** Na dia eo anivon'ny samy kristiana aza dia **misy ireo olona manana fiainana roa.** Maodelin'ny fahitsiana izy ireo rehefa mankany am-piangonana, saingy ny fiainany andavanandro dia miharoharo faharatsiana. Tsy mifanaraka amin'izay lazainy ny

24-Fahazoana ny hevitra tiana ampitaina

Tandremo ny fihetsika aseho eo am-piresahana/ am-pitenenana.

25- Tokony ho afaka miteny ny olona nampita hafatra hoe : **Fantatro / azoko antoka fa azonao ny tiako hambara (aorian'ny fanamarinana ny vali-teny omen'ny olona nampitana ny hafatra)**

26-**Mandiniha aloha vao miteny (avadika im-pito ny lela). Fantaro ny tanjona kendrenao sy ny teny tokony ho ampiasaina.**

27-**Fehezo ny fihetseham-ponao rehefa miteny.**Ny saina no tokony hibaiko ny lela fa tsy ny fo. Tsy tsara ny miteny ao anatin'ny fihetsem-po mavesatra

28- Ampiasao ny fahaiza-manao hanananao. Ilaina ny faharetana

HEVI-DEHIBE-6

29- Tandremo! **Misy ireo mpamitaka ankitsirano Tsy mifanaraka ny lazainy sy ny ataony....Misy olona manana fiainana.**
- **Tsy malaky mamoaaka tsoa-kevitra....Hanampy anao ny fotoana**

ataony. **Hanampy amin'ny fahafantarana ny marina ny fotoana. Tsy tsara ny malaky mamoaka tsoa-kevitra**

Zava-dehibe ny mahafantatra fa **ny tsi-fifampitokisana dia poizina ho an'ny fifandraisana.** Tena hampaonena tokoa ny fiainanao raha ahiahiana avokoa ny teny ataon'ny olona aminao. **Raha mikolokolo toe-tsaina tia mitsikera sy be fanahiana ny hafa ianao, dia tsy hahazo aina ny olona rehefa mifandray aminao ary handosindositra anao mihitsy aza izy.**

Etsy ankilany, raha matoky loatra ny olon-drehetra ianao ka inoanao avy hatrany izay rehetra lazainy, dia hoheverin'ny olona ho mora fitahina sy tsy mandanjalanja ianao. Hararaotin'ny olona ianao ary ho faly hamitaka anao ny olona tsy marina.

Tokony hialana ireo tendro roa ireo, ary tokony ho takatrao ny fatra tokony hinoana amin'ireo teny ambaran'ny hafa aminao. **Mety ho diso koa anefa ny fahalalana na ny vaovao voarain'ny olona iray ka mety ho diso hevitra koa izy. Mety am-pahatsoram-po no hitenenany zavatra izay diso tanteraka.** Na inona na inona tranga miseho, dia **tsy maintsy ataontsika an-tsaina** fa izay teny ambaran'ny hafa dia **mety tsy ho"ny fahamarinana rehetra ary tsy ny fahamarinana irery ihany"** koa aoka ho ataonao an-tsaina mandrakariva fa **mety hisy fahadisoana ny teny ambaran'ilay olona na fanahy hiniana izany na tsia.**

Ny fihetsika asetrintsika manoloana ny zavatra izay toa tsy marina tanteraka dia manan-danja tokoa. Tsy ilaina ny misafoaka na miampanga ilay olona ho mpandainga. Tsara lavitra kokoa ny maneho amin'ny alalan'ny fihetsika fa na dia tsy inoanao na ekenao avokoa aza izay teny voambara, dia **manaja hatrany ny fomba fijerin'ilay olona ianao. .. satria tsy maintsy hifanaraka amin'izay zavatra fantany sy hinoany ny fomba fijeriny..... Io no antony iray lehibe tsy tokony hanehoana fihetsika masiaka amin'ireo tsy mitovy finoana aminao (mpanompo sampy, antoko-pivavahana hafa,....)**

Ny olona iray dia mety mino tanteraka tokoa ny zavatra lazainy na dia tsy mifanaraka amin'ny tena zava-misy aza izany. Ohatra: mety hiteny toy izao ianao, amin'ny vehivavy iray izay tezitra noho ny toe-javatra nihatra tamin-janany tany an-tsekoly: "Raha azoko tsara dia heverinao fa i Solo izany no naka ny bokin-janakao na dia milaza aza izy fa tsy nanao izany ?." Na: "Tena tezitra mafy ianao satria heverinao fa nalain'i Solo ny bokin-janakao kanefa avy eo mandainga izy ary milaza fa tsy naka izany?"

Mariho fa raha milaza izany ianao dia **sady tsy manaiky no tsy mandà izay nolazainy, fa maneho azy kosa fa azonao ny antony mahatezitra azy araka ny fomba fijeriny.**

Amin'ny ankapobeny dia tsy ilaina ny manitsy avy hatrany ny olona, rehefa diso hevitra izy momba ny zavatra iray (indrindra raha eo imason'ny hafa).

Rehefa manapotsitra fahadisoana iray ianao dia matetika miaro tena avy hatrany ny olona, na manizingizina fa manana ny marina izy ary ianao no diso. Noho izany dia **tsara kokoa ny mamerina fotsiny aminy izay zavatra nolazainy taminao, toy**

(faharetana)

30-Ny fifampiahihiana dia manimba ny fifandraisana

31- Tsy tsara ny mora mino loatra

Hialao ireo tendro roa ireo.

32- Mety hiteny zavatra diso am-pahatsoram-po ny olona

33-Valio am- pahendrena izy.

34- Aza misafoaka..
Manehoa fanajàna...

35- Ampifanaraho amin'ny toe-javatra ny fihetsika asetrinao....Aza malaky mitsara.....

36-Fahatakarana marina ny tiany lazaina sy ny antony ...

37-Ny fiezahanao hiady hevitra hanamarina fa diso ny olona iray dia vao maika hahatonga azy hanamafy orina izany fahadisoany izany.....na fantany aza

izay manohitra mivantana ilay fanambarana nataony. Ny toe-tsaina tia miady hevitra sy mifandahatra dia mamoha fihetseham-po tsy masina, ary mazàna dia tsy manova velively ny fomba fisainan'ny olona manana fahadisoana akory.

Na oviana na oviana no ampiasana ny herin'ny saina, na fahefana, na hery, ary tsy miseho ny fitiavana, dia hiala ny fitiavan'ireo izay ezahantsika hatonina amin'ny fomba toy izany ka hiaro tena izy, ary noho izany dia hanjary hanosika antsika izy ary hitombo hery ny fanoherany antsika (2 T 135).

Ny fiasan'ny fanahy masina no hitarika ny olona hahatakatra ny fahamarinana (Jaona 16:13), ary rehefa Izy no mitarika antsika dia afaka manambara mazava ny fahamarinana amin'ny fomba mandresy lahatra isika, rehefa izany dia aoka ho avelantsika hanao ny anjara asany amin'ny fandresena lahatra ilay olona ny Fanahy Masina. Azontsika ianteherana Izy mba hanampy antsika hamantatra ny fotoana mety hitenenana ny momba Azy sy hamantatra ny teny tsara indrindra tokony ho tenenina. (Matio 10:19,20).

Na oviana na oviana dia tsy naneho ny fahamarinana tam-pahasiahana Izy [Jesosy], fa naneho mandrakariva fahalempanahy tamin'ny olona. Sarobidy teo imasony ny fanahy tsirairay (GW 117).

Tao amin'ny toko voalohany dia nianarantsika fa ny toe-tsaina tia mitsara ny hafa dia tsy araka an'i Kristy. Na dia fantatr'i Jesosy aza fa nanana hevi-dratsy ireo olona nanodidina Azy, dia nekeny sy noraisiny araka ny naha-izy azy izy ireo. Noho izany, tsy tokony ho ny fahamarinan'ny teny ambaran'ny hafa na tsia no hifantohantsika sy hanankinantsika ny antony handraisana azy amin'ny maha izy azy na tsia, fa aoka isika hifantoka amin'ny fahafahantsika mahatakatra izay ambaran'ny hafa sy izay tiany hambara ary ny maha-zava-dehibe izany hevitra tiany hambara izany.

Ataovy am-bavaka ny fampiharana ho ataonao : "Ry Ray mpamindra fo ô! Omeo ahy ny sofina mahay mihaino izay ambaran'ny hafa. Ampio aho mba hanana saina mahay manavaka ny fifanoherana eo amin'izay ambaran'ny hafa sy ny fomba ilazany azy. Omeo ahy ny fo mahatsapa izay tsapan'ny hafa sy hahafahako manonona tenim-piombonam-po marina tokoa amin'ny hafa. Omeo ahy ny fahendrena hahatakarako ny hevitra miafina ao ambadiky ny teny resahana amiko sy ny fahafahana mahatakatra ny tena tian'ny hafa hambara. Omeo fahazavan-tsaina voamasina aho mba hahaizako mamantatra raha toa ka misy fahadisoana na familiana ny fahamarinana ami'ireo teny izay ambara amiko, ary omeo fahendrena aho hahaizako maneho fihetsika feno fahendrena manoloana izany. Amin'ny Anaran'i Jesosy Tompo no anaovako izany vavaka izany. Amen".

fa diso izy.

Vao maika hanasaro-javatra izany.....

Asan'ny Fanahy Masina ny mampiaiky ny olona fa diso (Jaona 16:8) Tsy asan'olombelona izany...

38-Mihainoa alohan'ny hitenenanao. Aza manao ny anjara-asan'ny Fanahy Masina.(mampiaiky fahotana sy manova olona).....ny anjara asa hampanaoviny anao atao....

Ekeo sy raiso amin'ny maha-izy azy ny hafa

Ny hanampy azy no tanjona fa tsy ny hitsara na hanameloka.

39- Voafetra ny fahaiza-manao hanananao.

Andriamanitra no loharanon'ny tena fahazavan-tsaina azo antoka ho anao.

TADIDINAO VE IZAY NIANARANAO?

1. Hazavao ny maha-zava-dehibe ny famerenanao manonona na miteny ireo hevi-dehibe tamin'ny teny izay norenesinao tamin'ny hafa izay miresaka aminao.

2. Inona ireo fahadisoana roa izay tokony hialana rehefa miombom-po amin'ny fahatsapan'ny hafa?

3. Inona ireo fomba roa azonao ampiasana ireo teny ao amin'ny pejy 16 mba hanatsarana ny fifandraisanao amin'ny hafa?

4. Ao amin'ny pejy 17 dia voambara fa mazava ny fifandraisana (feno ny tsingerin'ny fifandraisana) rehefa:

5. Rehefa mamakafaka ny fahamarinan'izay zavatra henointsika isika, dia inona ireo tendro roa tokony hialana?

6. Nahoana no tsy fahendrena ny manitsy olona iray rehefa heverintsika fa misy fahadisoana ny zavatra lazainy?

7. Fanontaniana fampieritreretana: Inona no fiovana tokony hataonao mba hampivoarana ny fahaizanao mihaino ny hafa?

TOKO FAHATELO

FAHAIZANA MIFAMPIRESAKA

Zava-dehibe ho an'ny fifandraisana tsara ny fitenenana sy ny fihainoana.

Kanefa mbola maro, ankoatr'izany, ny lafiny hafa voakasika ao anatin'ny fifampiresahana izay ***mampita hafatra be lavitra nohon'ny teny aloaky ny vava*** : *Ny tsiky na fikentronan'ny volomaso, ny manjamaso, ny volomaso miakatra, ny fihatokatohan'ny loha na koa ny maso mikimpy dia afaka mampita hevitra betsaka lavitra noho ny teny izay ambara.* Azonao atao ny mamaky eo amin'ny molotry ny olona mifampiresaka aminao na dia miteny mora loatra aza izy ka tsy renao izay lazainy; ary ***ireo fihetsiky ny vatana sy ny tãnana ataon'ny olona dia mazàna manampy betsaka amin'ny fahatakarana ny teny ambarany.***

Ohatra : Ny olona izay mipetraka ka mampifandipatra ny tãnany sy ny tongony dia azo heverina fa miaro tena. Angamba mahatsiaro ho toy ny voaambana izy na koa tsy te hiteny. Rehefa misy olona mandona ny latabatra amin'ny totohondriny, na mampijadona ny tongony, dia fantatra mazava fa tezitra izy. Raha misy vongan-dranomaso eo amin'ny mason'ny olona iray, dia fantatra avy hatrany ny fihetseham-po ao anatin'ny na tsy miteny aza izy.

Ny fisehon'ny tarehy, ny fihetsiky ny vatana, ary ny fijoro na fipetraka dia mety hanana hevitra samihafa araka ny kolontsaina, kanefa zava-dehibe ny mamantatra ireo fihetsika madinika izay manambara ny ao an-tsaina sy ao ampon'ny olona.

Ny sasany amin'izy ireny dia tena mazava ka tsy isalasalana ny hafatra ambarany mikasika ny fihetseham-pon'ny olona. ***Ny olona sasany anefa dia manafina ny fihetseham-pony ao ambadiky ny saron-tava*** ka mila tsy ho hay fantarina ny fihetseham-pony. Toy ny ahavitan'ny olona mamitaka amin'ny alalan'ny teny dia hain'izy ireo koa ny maneho fihetsika izay manafina ny fihetseham-pony na mamitaka ny hafa. Koa ***mila mitandrina isika*** eo amin'ny fanakarantsika ny hevitr'izay hitantsika sy ny fahamarinan'ny tsoa-kevitra raisintsika mikasika izay tena hafatra miampita. ***Ny fampiasan'ny olona ny vatana mba hifandraisana ihany koa dia mandeha ho azy ka matetika dia tsy tsapan'izy ireo akory fa manao izany izy.*** Marina ihany koa anefa fa amin'ny ankapobeny dia ***misy ireo fomba fihetsika ho enti-mifandray izay tsy nianaran'ny olona sasany mihitsy hatr'izay niainany...***

Na mitsangana ianao na mipetraka, ***dia ataovy mirona (somary mandroso kely) makany aloha ny ny lohanao rehefa mihaino olona iray miteny aminy ianao.***

HEVI-DEHIBE

Ilaina ny mianatra mifampiresaka

1-Mihaino amin'ny alalan'ny masonao- fa tsy amin'ny sofina fotsiny.

2-Diniho ny fihetsiky ny vatana

3-Avo feo kokoa noho ny teny ny fihetsika

4-Misy ny fahasamihafan'ny fihetsika manaraka ny kolontsaina...misy ireo fihetsika madinika maneho ny ao an-tsaina.

5- Manafina fihetsem-po : ny mpilalao sarimihetsika dia tena mahay izany tsara

Misy fihetsika mandeha ho azyMisy fihetsika mila hianarana..

5-Ataovy mirona makany aloha ny lohanao

Izany fihetsika izany dia **maneho fa liana te hihaino ilay olona miresaka aminao ianao ary maniry hahazo izay ambarany aminao**. Ny **fitolantsihanao** somary mihemotra dia **fihetsika maneho tsy fahalianana**. Mety ho fihetsika maneho hatairana koa anefa izany indraindray, kanefa fihetsika maneho tsy fahalianana raha toa ka mitohy maharitra eo am-piresahana.

Jereo ao amin'ny masonry ny olona miresaka aminao mba hahatakaranao misimisy kokoa ny tiany hambara, ary **ho tsapany fa tena liana amin'izay lazainy ianao**. Amin'ny toe-javatra sasany, ny fijerena olona ao anaty masonry dia mety hiteraka fahatezerana na maneho tsy fanajana azy. Kanefa **amin'ny kolontsaina tavaratra maro, raha tsy mijery ny olona mifampiresaka aminao ao anaty masonry ianao dia hoheverina ho olona tsy azo itokisana na manan-javatra hafenina**.

Misy fahasamihafana ny fijerena olona ao anaty masonry miaraka amin'ny fanehoanao endrika mahafinaritra sy ny fivandravandrao aminy. Raha mivandravandra tsy miato aminy ianao dia tsy hahazo aina izy ary hatahotra anao, koa manehoa endrika miramirana ary **tsindraindray dia avilio** ny masonao mba tsy ho sadaikatra ny olona mifampiresaka aminao.

Mandritra ny fifampiresahana dia **ahatokatohy ny lohanao raha ilaina ny manao izany, mba hanehoanao fa mahazo tsara ny resaka atao aminao ianao** Tsy **voatery hidika izany fa ekenao izay voalaza, fa ataonao izany mba hanehoanao fa manaraka tsara ny resaka ifanaovana ianao**. Hafahafa ny mahita olona mihatokatoka haingana loatra, matetika loatra, na amin'ny fotoana izay tokony mba hampitodihana ny loha tsindraindray aza. Koa **aoka tsy ho vokatry ny fanamboarana fihetsika** no hanaovanao izany, aza atao matetika loatra ny fihatokatohanao, ary mangataha olona hanoro hevitra anao sy hanitsy anao (fihetsikao) raha ilaina. **Amin'ny kolontsaina sasany, ny fihatokatohana dia midika hoe "tsia" ary ny fihetsehan'ny loha miankavia sy miankavanana dia midika hoe "eny," koa fantaro tsara ny kolontsain'ilay olona mifampiresaka aminao, ary ampifanaraho amin'izany ny fihetsikao**. Raha omenao lamosina ny olona iray miresaka aminao, dia azo antoka fa hoheveriny ho tsy fahalalam-pomba na fanehoanao ny tsy fahaliananao izany. Mety hoheverin'ny olona sasany ho fanambaniana mihitsy aza izany fihetsika izany.

Mifanohitra amin'izany kosa, **raha atrehinao ny olona mifampiresaka aminao, dia midika izany amin'ny ankapobeny fa liana amin'ny resaka ifanaovana aminy ianao**. Tsara raha **somary aoriranao kely** miankavia na miankavanana ny **vatanao** sady mijery ilay olona ao anaty masonry hatrany ianao, satria ny fanatrehana mivantana be loatra dia mety hoheverin'ny olona sasany ho fihantsiana azy.

Ny **fironan'ny lohanao somary mandroso makany aloha dia maneho fahalianana, dia toy izany koa ny fijoron'ilay olona ifampiresahanao**. Raha mihodina tsy **manatrika anao izy ary tsy mifampijery aminao, dia azonao heverina fa na izy tsy**

(fihetsika fanaon'ny olona tena liana @ resaka atao aminy)

6-Mijere ao anaty maso. (maso mijery : mampita hafatra mazava sy tsy mamitaka)

7-Mampita hafatra mazava amin'ny olona mijery anao ny masonao.sy ny endrikao.na tsy miteny aza ny vavanao.

8- Asehoy amin'ny fihetsika (loha...) fa azonao tsara izay hambara aminao. Tsy voatery hidika ho fanekenao izay voalazany anefa izany.

Fantaro ny fihetsika fanao amin'ny kolo-tsain'ny hafa....

9- Mifanatrika amim-pahendrena amin'ny olona iresahana.

10-Diniho amin'ny alalan'ny fihetsiny na vonona hifampiresaka izy

te hifampiresaka aminao, na mety tsy fantany izay fantatrao momba ny fihetsika tokony atao (fihetsiky ny vatana) mandritra ny fifampiresahana.

Hiezaho fantarina hatrany izay mety ho antony (kolo-tsaina, tsy fahalalana ny fihetsika tokony hatao, sns...). Fadio ny fironana hitsara ...

Andeha hodinihantsika ny **amin'ireo teny sy fehezan-teny fampiasa eo amin'ny fifandraisana**. Rehefa mihaona amin'ny olona iray ianao dia fomba fanao mahazatra ny miteny hoe "Manahoana" na "Manahoana tompoko." Raha mpinamana na mpianakavy dia hoe "Salama ve?" sns. Rehefa ampiasaina hoenti-miarahaba ny fanontaniana toy ireo dia matetika tsy tena miandry valiny, ary mazàna raha mamaly ny ankilany dia miteny hoe "Tsara fa misaotra," "Salama" sns. **Tokony hampifanarahanao amin'ny kolo-tsain'ny olona mifandray aminao ny karazam-piarahabana ampiasiainao**. Mampikatona fifandraisana ny tsy fanaovana izany.

Aorian'izay dia mazàna misy resaka ankapobeny ifanaovana, momba ny toetr'andro ohatra, na momba ny vaovao, na zava-niseho teo amin'ny fiarahamonina. "Tsara kosa ny andro androany e?" "Ahoana no hevitrao momba ny fiakaran'ny vidin-tsolika?" "Rena ve ny momba ny zava-nitranga tamin-dRakoto?" sns. Mazàna dia **teny fohy no hamaliana izany** satria fomba fifanajana fotsiny izany fanontaniana izany, fa **tsy natao hiezahana hamantarana izay tena hevitr'ilay olona**.

Mety hisy **fifanakalozana fanontaniana sy valiny mandritra ny fotoana fohy**, kanefa amin'ny ankapobeny dia tsy maharitra ela izany resaka ankapobeny izany ary tsy miditra lalina.

Ny tena resaka dia manomboka rehefa milaza zavatra manambara hevitra manan-danja na fanambarana fihetseham-po ianao, na ilay olona mifampiresaka aminao, ka mihalalina ny resaka ifanaovana. Mariho ireo fiampitana miainga avy eo amin'ny resaka ankapobeny mankany amin'ny resadresaka manan-danja ao anatin'ny fifampiresahan' i Maria sy Soa, izay aseho ao amin'ny pejy manaraka.

*na tsia... Ezaho fantarina
koa anefa ny mety ho
antony hafa.*

11-Karazana

*fiarahabana..araka ny
kolo-tsaina*

12-Fiarahabana

*mifanaraka amin'ny olona
ifandraisana*

13-Fizotran'ny resaka

*a-Resaka ankapobeny...
Fanokafana fifandraisana*

*b-Resadresaka fohy
Fanombohan'ny
fifandraisana*

*c-Resaka manan-danja
Fifandraisana miha-lalina
koko...*

SANTIONAN-DRESAKA

SAVARANONANDO	VOTOATIN-DRESAKA	FAMARANANA
<p>S-Manao ahoana i Maria! <i>M-Manao ahoana i Soa, salama ve?</i> S-Tsara fa misaotra, ary ianao? <i>M-Tsara fa misaotra. Manao ahoana ny ankizy?</i> S-Salama tsara, fa manahirana indraindray! <i>M-Toa somary reradreraka ianao izany androany, manana olana angaha ianao?</i></p>	<p><i>M-Raha ny marina dia somary mitebiteby aho momba ny vadiko. Nisy resaka tao am-piasan-dry zareo fa mety hanala mpiasa ny orinasa, ary noho izy vao haingana no niasa tao dia mieritreritra izy fa mety ho very asa.</i> S-Toa mampieritreritra tokoa izany! [Eto i Soa dia mandray ny fihetseham-po mitebiteby izay tsapan'i Maria.] <i>M-Ny tena mampanahy ahy dia ny zanako lahy izay hiditra eny amin'ny ambaratonga ambony afaka herinandro vitsivitsy ary mitaky vola betsaka anefa izany.</i> S- Inoako fa faly ianao satria voaray ao amin'ny Oniversite Advantista i Roger, kanefa etsy andaniny dia miasa saina ianao ny amin'ny fomba handoavanao ny saram-pianaran'i Dan, indrindra raha sanatria ka ho very asa izy. [Eto indray i Soa dia mamerina ny votoatin'ny resaka nohenoiny ary manampy tsipiriany sasantsasany avy amin'izay fantany momba ny fianakavian'i Maria.] <i>M-Tena izany mihitsy, tena faly izahay satria nahazo naoty tsara be Roger tany antsekoly. Tena mahay izy ary mazoto mianatra ihany koa. Nomen'ny Oniversite vatsim-pianarana kely izy ho fankasitrahana azy noho ireo naoty tsara azony.</i> S-Tena vaovao mahafinaritra izany! Faly tokoa aho noho izany. [Tsapan'i Soa fa nisy fiovana teo amin'ny fihetseham-pon'i Maria, - avy amin'ny tebiteby nankany amin'ny fankasitrahana – ary ampifanarahany amin'izany ny fihetseham-pon'ny tenany manokana eo am-piresahana amin'i Maria.] <i>M-Marina izany, tena notahian'ny Tompo tamin'ny fomba maro tokoa izahay! Salama tsara izahay, ary efa nanokana vola tao amin'ny kaonty manokana hatramin'ny nahaterahan'i Roger hanomanana ny fidirany eny amin'ny Oniversite, ka tokony tsy mbola hisy olana aloha ny aminy. Fa ny mampitebiteby ahy dia ny amin'i Dan izay mety ho very asa.</i> <i>S-Raha azoko tsara izany</i> ny tena mampitebiteby anao dia tsy ny saram-pianaran'i Roger, fa ny zavatra mety hitranga raha voaroaka amin'ny asany i Dan. [Voamarik'i Soa fa nihena ny ahiahin'i Maria momba ny saram-pianaran'i Roger, fa ny asan'i Dan no mbola mampitebiteby fatratra azy. Mamerina ny votoatin'ny teny voalaza izy, kanefa mamerina koa ny fihetseham-po tsapan'i Maria.] <i>M-Marina izany.</i> S-Matetika ianao ry Maria no mankahery ahy mba tsy hitebiteby amin'ny toe-javatra manahiran-tsaina toy izany ary tena nanampy ahy be dia be tokoa izany, anjarako indray izao ny mampahery sy manome toro-hevitra mety hahasoa anao! Raha sanatria very asa i Dan, dia mino aho fa hanampy azy hahita asa hafa Andriamanitra. <i>M-Fantatro fa marina izany teninao izany. Mila matoky Azy kokoa aho ary mametraka ny ampitso eo an-tànany. Misaotra indrindra ry Soa noho ny fanohananao sy ny fankaherezanao!</i></p>	<p>S-Aoka re, izany anie no mahampinamana e! <i>M-Ilaozako ary aloha ianao, mbola andeha hividy laoka ho atao sakafatoandro aho izao.</i> S-Eny ary e, faly aho nihaona taminao androany. <i>M-Izaho koa torak'izany. Mampamangy any amin'ny fianakavianao.</i> S-Misaotra e. Hivavaka ho anareo aho. <i>M-Misaotra indrindra!</i> S-Mandra-pihaona! <i>M-Veloma!</i></p>

Ao amin'io resaka io dia resaka ankapobeny no nifanaovana ambara-pahatsikaritri i Soa fiovana teo amin'ny **feo sy ny endrik'i Maria** izay namoha fanontaniana tao an-tsainy. *Rehefa nametra-panontaniana momba izany izy dia niditra tao amin'ny votoatin'ny resaka izay maneho ny fidiran'izy ireo tamin'ny fifandraisana lalina kokoa.*

Araka ny fahitantsika *matetika rehefa miresaka momba ny olana mahazo azy manokana ny olona iray, dia misy olana roa na maro hafa mipoitra mifamatotra amin'izany. Ny fahaizana mifampiresaka tsara dia mitarika ho amin'ny fahatakarana tsara ny olana tsirairay sy ny fanapahan-kevitra izay tokony horaisina mikasika izany.*

Mariho ny anjara toerana lehibe notanan'ny fihetseham-po tsirairay, sy ny fomba niovan'izany araka ny fivoaran'ny resaka. **Tamin'ny faran'ny resaka dia nahatsiaro maivamaivana i Maria** rehefa nosoloin'ny fahatokiana lehibe an'Andriamanitra ny

14-Ilaina ny fanarahana ireo dingana ireo rehefa miresaka..

15-Mifamatotra ny olana
 Rehefa kitihina ny olana iray dia mivoaka ho azy ny olana hafa....

16-Ny fihetseham-po no ivon'ny resaka nifanaovana

tahotra tao anatiny.

Mariho koa fa ireo **fifanakalozana tao amin'ny savaranonando dia ivelambelany ihany**, fa ny **votoatin-dresaka no tena niditra lalina sy nanan-danja**, avy eo dia nisy **fiampitana nankamin'ny resaka tsotsotra** indray teo amin'ny famaranana ny resaka.

Ny fifampiresahana ao **amin'ny pejy manaraka** dia hafa noho ilay hitantsika teo aloha, satria **tsy ny fihetseham-po no ifantohan'ny resaka**. Arak'izany dia afaka ny hiditra lalina ny resaka rehefa mitana anjara toerana lehibe ny fihetseham-po, na koa rehefa ny hevitra no omen-danja ary ny fihetseham-po dia ambinambiny ihany. Ahitantsika ohatra mivantana ny amin'izany ny fifampiresahana momba ny olana ara-teôlôjia sy ara-pilôzofia nananan'i Sharon.

17-Ny **dingana iray dia manomana ho amin'ny dingana iray** hafa

18-Ny **hevitra no ivon'ny resaka** (jereo sationan-dresaka iray hafa)

SANTIONAN-DRESAKA

SAVARANONANDO	VOTOATIN-DRESAKA	FAMARANANA
<p>J-Manao ahoana i Jaona! <i>S-Manao ahoana i Sharon. Faly aho mihaona aminao.</i> J-Faly koa aho mihaona aminao amin'izao maraina mahafinaritra izao. <i>S-Taorian'izay andro maromaro nanorana izay dia tena maharavo ny saina mihitsy ny mahita ny masoandro mibaliaka indray.</i> J-Tena izany tokoa! Fa izao ho'aho no tiako holazaina aminao: tena nankasitrahako ny fampianaranao ny Leson'ny Sekoly Sabata tamin'ny Sabata lasa teo. <i>S-Faly aho raha nankasitrahanao. Inona no tena nanaitra ny sainao?</i></p>	<p>J-Niresaka momba ny famelan-keloka ianao, ary nilaza fa ny famelan-keloka dia tsy midika ho famafanao ny trosa izay anananao amin'olona navelanao heloka. Tena nahalasa ny saiko izany. <i>S-Eny, tao amin'ny boky "Henoinareo ny fanoharana" no nahitako izany hevitra izany, ao amin'ilay toko izay miresaka momba ny famelan-keloka. Ambarany fa raha misy olona anananao vola kanefa tsy mandoa izany aminao dia tokony hamela ny helony ianao, kanefa na izany aza dia mbola manana adidy handoa ilay vola aminao ihany ilay olona raha tsy hoe angaha- tena nafaoinao ho azy mihitsy izany.</i> J-Azoko tsara izany, satria ny Baiboly dia milaza fa tokony hampindrana amin'ireo izay mila vonjy amintsika isika, kanefa raha tsy mamerina izay nindramany ilay olona dia mangalatra izy, sa tsy izany? <i>S-Marina izany! Raha ny marina, rehefa tsy mamerina ny zavatra nindramany ny olona iray, dia didy roa no voadika: dia ny hoe "Aza mangalatra" sy ny hoe "Aza mety ho vavolombelona mandainga." Ny tsy fanatanterahana ny toky nomena sy ny halatra dia fahotana lehibe, ary tsy tokony "hamela sy hanadino" fotsiny isika mba hilazana fa "tsara fanahy" amin'ilay olona ianao.</i> J-Tsaroako fa misy teny ao amin'ny Testamenta Vaovao manao hoe tokony hananatra ny olona isika rehefa manao fahadisoana izy, ary ny tsy fandoavana volan'olona dia tsapako fa tena fahadisoa tokoa. <i>S-I Paoly dia nilaza hoe "mandrese lahatra, mamporisaha, mananara mafy amin'ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra," ary ny Testamenta Taloha dia mitaona antsika koa manao hoe "mananara dia mananara ny namanao, mba tsy hahazoanao heloka noho ny aminy," noho izany dia manana andraikitra isika hananatra am-pitiavana ny olona izay manao asa tsy mendrika.</i> J-Misy olona izay ananako vola ankehitriny kanefa manao fialan-tsiny isan-karazany izy mba tsy handoavana izany, ary izaho dia nihevitra fa tokony hamela azy sy hanadino fotsiny izany. Kanefa ankehitriny dia fantatro fa mampirisika azy hanota izany, ary tsy mahasoa azy. <i>S-Samy hafa ny manome sy ny mampindrana. Raha manapa-kevitra ny hahafoy ilay vola ho fanomezana ho azy ianao dia fihetsika maneho hatsaram-panahy avy aminao izany, kanefa indraindray ny fahatsaram-panahy diso toerana dia mety hanimba fa tsy hanasoa.</i> J-Hangataka amin'Andriamanitra aho mba hanomezany ahy ny toe-tsaina sy ny teny mety hatao, satria tapa-kevitra aho ny hilaza aminy am-pitiavana sy amin'ny fomba hentitra mba handoa amiko ny vola tokony haloany. <i>S-Tsara tokoa izany!</i></p>	<p>J-Misaotra indrindra noho ny fanampiana hanana fijery mazava momba izany. <i>S-Fifaliana mandrakariva ny mifampiresaka aminao ry Sharon. Ianao dia tena mandeha amin-kitsim-po eo amin'ny fiarahanao amin'Andriamanitra ary ohatra tsara ho ahy izany.</i> J-Fifaliana ho ahy koa ny miresaka aminao satria ianao dia tena manam-pahendrena! <i>S-Aoka re marina!</i> J-Amin'ny Sabata indray mihaona e! <i>S-Mandra-pihaona!</i> J-Hotahian'ny Tompo e! <i>S-Veloma.</i></p>

Rehefa mifantoka amin'ny hevitra ny fifampiresahana atao, dia tsy fahalalam-pomba ny "mitory teny" na "manome lesona,"(morale) : ianao no miteny fa ilay namanao dia hihaino fotsiny na manao fanoritana lava be ny toe-javatra momba ny fiainanao manokana. Azo atao ny miala amin'ny **fifantohana be loatra amin'ny tena, amin'ny alalan'ny **fifandimbiasan'ny fitenenana sy ny fananana fomba fijery maro** momba ilay lohahevitra.**

Ohatra iray hafa: Mikasika ny fanontaniana momba ny fahasalamanao dia azonao atao ny mamaly amin'ny alalan'ny famintinana fohifohy ny zava-nitranga nandritra ny faharariana, fa ny fitanisana amin'ny antsipiriany ny fijanonanao tany amin'ny hôpitaly sy ny fitsaboana rehetra nataonao dia hahamonamonaina ny olona ny mihaino izany. Mazava loatra fa raha misy olona tena liana amin'ny momba anao ary manontany fanazavana antsipiriany kokoa, dia azonao atao ny mitantara an-kalalahana ny zava-niseho. Amin'ny ankapobeny, rehefa misy olona manontany anao momba ny fahasalamano dia fomba hanehoany ny fahalianany aminao izany, fa tsy voatery hoe hanantena fitantarana lava ny momba ny toe-pahasalamanao akory izy. Koa **ataovy fohy ny valim-panontaniana**, ary atodiho haingana mankamin'ny lohahevitra hafa ny resaka.

Ny sehatra iray manan-danja **mifamatotra amin'izany** dia ny hoe: hatraiza ny resaka tokony holazaina amina vondron'olona vitsivitsy na maromaro?

Raha vondron'olona maro no iresahanao dia miresaha lohahevitra ankapobeny ary aoka ho vitsy ny firesahana ny tsipiriam-piainanao manokana.

Raha vondron'olona vitsy kosa dia afaka miresaka misimisy kokoa momba ny fiainanao manokana ianao. Raha mila **fanampiana momba ny olanao manokana** ianao, dia **zarao amin'olona azo itokisana** toy ny Pasitora na mpanoro hevitra hafa azonao antoka izany. Kanefa **misy zavatra izay tsy tokony hambaranao na oviana na oviana aman'olona na iza na iza.**

Raha tsy ny fanahy Masina no mitarika anao amin'ny fomba manokana mba hiaiky eo anatrehan'olona ny fahotana nataonao tany amin'ny mangingina, dia aza ambara na amin'iza na amin'iza izany (CH 373).

Misy olona tsy mahalala izany foto-kevitra izany izay mety hanomboka hitantara aminao ny zava-miaina eo amin'ny fiainany. Azonao atao ny manampy azy hifehy kokoa izay lazainy amin'ny fitenenana aminy hoe: **"Tsy voatery hotantarainao amiko ny tsipiriany rehetra,"** na koa hoe **"Azoko tsara ny tianao hahatongavana, kanefa aleoko tsy henoina manontolo ny tsipiriany rehetra."**

Etsy andaniny anefa dia manome toromarika ho antsika ny Baiboly, manao hoe: "Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha, mba ho sitrana ianareo. Ny fiàsan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra." (Jakoba 5:16).

19-Aza mitory teny na manome lesona (miteny irery)

20-Fifanakalozan-kevitra : fialana amin'ny fifantohana be loatra amin'ny tena

21-Hialao ny tsipiriany be loatra tsy nanontaniana anao.

22-Fahalianana ara-pahalalam-pomba

23-Raha resaka atao amin'ny Vondron'olona maro: Aza miresaka tsipiriam-piainana.

24- Afaka miresaka tsipirihiny bebe kokoa arakaraky ny mahavitsy ny vondron'olona hiresahana.

25- Tsy natao hambara amin'olona ny fahotana natao tany amin'ny mangina.

26-Fehezo ny fanambarana tsiambaratelo ataon'ny hafa aminao.

27- Ny heloka natao tamin'ny hafa no hilana fifamelana heloka....

Hoy i Ellen White:

Ekeo eo anatrehan'Andriamanitra ny fahotanao. Izy no hany afaka mamela izany, ary mifampiaike heloka ianareo. Raha nanafintohina ny namanao na ny mpiara-monina aminao ianao, dia tokony hiaiky ny fahadisoanao aminy ary anjarany ny mamela ny helokao an-kalalahana (SC 37). Aza mihazona na inona na inona fa tsory eo anatrehan'Andriamanitra ny fahotanao rehetra, ary eo anatrehan'ny rahalahinao ny fahadisoana nataonao - kanefa tsy izy rehetra (FE 239).

Mazava avy amin'izany fa rehefa mifampiaky ny fahadisoantsika isika kristiana dia **tsy tokony horesahana eo imason'ny hafa izay tsy voakasiky ny fifamelana izany, satria hoa lasa ho enta-mavesatra amin'ny hafa ny filazana ampahibemso ny fahadisoana** sy ny fahalemena izay tsy mahakasika mivantana azy akory

Amin'ny fotoana tena vitsiana dia azo atao ny miantso Pasitora, mpampianatra na tompon'andraikitry ny fiangonana mba hanampy ireo olona izay tena manana olana lehibe mitambesatra ao an-tsainy ka mila miresaka momba izany. Na dia sarotra sy mety hahatezitra aza izany, dia ampirisihana isika, amin'ny maha-mpiandry ondry mpiara-miasa amin'i Kristy antsika, mba hihaino sy hiombom-po amin'ireo izay mitantara ny fahadisoany, ny fitontongany, ny fahakiviany sy ny fahoriana (GW 184).

Raha voaantso hanatanteraka izany andraikitra izany ianao, dia **zavatra telo no tsy maintsy tsaroanao.** : (1)Na oviana na oviana dia aza mametra-panontaniana amin'ilay olona noho ny fitia te hahalala fotsiny. (2)Na oviana na oviana dia aza mitantara amin'olon-kafa izay nambara taminao. Ary (3)mitoloma am-bavaka mba hanafahan'Andriamanitra anao amin'ny hery mikiky vokatry ny fitambesaran'ilay tsiambaratelo ao am-ponao sy ao an-tsainao.

Ny **toromarika faharoa** izay hanampy anao tsy hitantara ny tsipiriam-piainanao manokana amin'olon-kafa dia satria misy hatrany ny olona tia fosafosa na tia mitsikera izay mety handre ny teny lazainao.

Na tsara fanahy toy inona aza ianao dia misy olona tsy tia anao foana. Nanjo an'i Jesosy izany, ary ireo mpanara-dia Azy dia tsy maintsy misy mpanenjika sy manam-pahavalo ihany koa. Amin'ny ankamaroan'ny fotoana dia **tsy ho fantatsika izay olona manodidina antsika mety hampiasa ny teny nataontsika mba hanosoram-potaka antsika, koa aoka ho mailo isika amin'izay zavatra lazaintsika momba ny tenantsika.**

Ny **toromarika fahatelo** izay hanampy antsika eo amin'ny fitantarana tsiambaratelo amin'ny hafa dia ny fahatsiarovanao fa misy olona mety ho mora tohina amin'izay lazainao amin'ireo olona mihaino anao.

Naseho ahy fa maro dia maro ireo tsiambaratelo izay tsy tokony holazaina na oviana na oviana amin'olombelona; satria ny fiantraikan'izany dia tsy hain'ny fisainan'olombelona voafetra takarina. Ny voan'ny faharatsiana izay ambaranao dia voavoly ao an-tsaina sy ao am-pon'ireo mihaino anao, ary rehefa ho

.fa tsy ny heloka
nataonao manokana
tamin' Andriamanitra..
.izay angatahanao
famelan-keloka
mivantana Aminy

28- **Tsy natao hampitambesarana enta-mavesatra amin'ny hafa ny fifampiaiken-keloka.**

29- **Zavatra 3 tsy maintsy tsaroanao**

30- **lalao ny zavatra mety handratsy laza anao.**

31- **Misy olona tsy ho tia anao foana, na tsara fanahy toy inona aza ianao.... Aoka ho mailo amin'ny resaka atao.**

32- **lalao ny fandratrana olona**

33- **Misy tsiambaratelo tsy tokony holazaina. Diniho mialoha ny**

tojo fakam-panahy izy ireo dia hitsimoka izany voa izany ary hamoa, ka hiverina hiainany indray ny fanandramana ratsy niainanao. Hihevitra ireo izay alaim-panahy fa tsy dia ratsy loatra izany fahotana izany, satria - hoy izy ireo - moa ve tsy olona kristiana hatry ny ela ilay nanao izany koa? Noho izany, ny fiaikena ampahibemaso ao am-poangonana ny fahotana natao tamin'ny mangingina dia hitondra fahafatesana fa tsy fiainana (5T 645).

Mety hamitaka anao ny **fitantarana an-kitsim-po ataon'olona momba ny fanandramana niainany talohan'ny nihaonany tamin'i Jesosy**. Mety hitantara ny nifohany rongony izy, na ny fijangajangany, na fangalarana, na vonoan'olona mihitsy aza. Avy eo dia faranany amin'ny fifaliany noho ny namonjen'Andriamanitra azy tamin'izany lasa ratsiny izany. Mazava loatra fa faly isika noho ny namonjen'Andriamanitra azy ireo, kanefa indraindray dia toa i Satana no omem-boninahitra kokoa noho Andriamantira **amin'ny fomba entina hitantarana** ny lasa toy izany. **Ilaina** ny mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fanovana mahagaga nataon'Andriamanitra teo amin'ny fiainanao, **saingy hilana fahendrena avy amin'ny Fanahy Masina ny fomba hanaovana izany**.

Ny mety ho voka-dratsy indrindra aterak'izany - dia **ny fiheveran'ireo tanora fa tokony handeha hanao fahotana lehibe koa izy ireo mba hananan-javatra hotantaraina**. Izany karazam-pahadisoana izany dia **azo ialana raha ampiharina ny foto-kevitra ny fitantarana ny fiainan'ny tena manokana**.

Misy **tsiambaratelo vitsivitsy** fampiasan'ireo olona havanana amin'ny fifandraisana izay mety hanampy anao hahita fahombiazana kokoa eo amin'ny fifandraisanao amin'ny hafa.

(1)Tadidio ny anaran'ny olona ary ampiasao tsindraindray ao anatin'ny resaka ifanaovana izany. Ny fanaovanao izany dia hahatonga ny olona hahatsapa fa zava-dehibe ho anao izy, ary liana ny aminy ianao ka misahirana mitadidy ny anarany.

(2)Fantaro ny zavatra tian'ny hafa resahana sy ny zava-mahaliana azy. Mora lavitra ny miresaka momba izay zavatra fantatrao noho ny momba izay zavatra tsy fantatrao. Koa raha tianao hahazo aina ny olona rehefa mifanerasera aminao, dia **izay zavatra mahavantana azy no resaho aminy**.

(3)Mametraha fanontaniana misy lanjany. Ny fanontaniana mikatona (closed-ended question) dia tsy mampitohy velively ny resaka. Ny fanontaniana mikatona dia mivaly amin'ny teny iray toy ny hoe "eny" na "tsia". Ny fanontaniana toy ny hoe "Amin'ny firy izao?" na "Efa nisakafo ve ianao?" na "Tia milalao tennis ve ianao?" dia mazàna tsy hitarika ho amin'ny fifampiresahana mafana. Etsy andaniny, ny fanontaniana mivelatra (ope-ended question) toy ireto manaraka ireto dia inoana fa hamoha valim-panontaniana mahaliana: "Taiza no toerana notsidihanao nandritra ny fakan-drivotra?" "**Manao ahoana** ny zava-bitan'ny mpanao fanatanjahan-tena ankafizinao tamin'ity taom-pilalaoavana ity?" "**Inona** no fihaikana tena mahaliana amin'ny asa ataonao?" "**Inona** no nofinofinao ho an'ireo zanaka?" "Inona no tena itiavanao ireo namanao?" "Inona no hevitrao momba ny

mety ho vokatry ny teny ataonao.

34- Fahotana natao mangingina : **fiaikena amin'Andriamanitra irery**

35-**Angataho ny fitarihan'ny Fanahy rehefa mijoro ho vavolombelona .**

36-Tandremono tsy hanana **endrika fampianarana fanao ratsy amin'ny hafa** ny fitantarana **amin'ny tsipirihiny** ny lasa ratsinao.

37- Ampiharo ny **foto-kevitra ny fitantarana ny fiainan'ny tena manokana**

38-**Tadidio ny anaran'ny olona**

39-**Fantaro ny zava-mahaliana ny hafa...**

40-Fanontaniana MISY LANJANY : **fanontaniana mivelatra.**
-Ampiasao ny fanontaniana mampiasa ireto : Inona - Nahoana - Amin'ny fomba ahoana-

...?" "Inona no tsapanao manoloana ny ...?" "Ahoana no fijerinao ny ...?"

(4)Fadio ny manapa-teny, ny mifandahatra na mifanditra hevitra, ny mitsikera, ny mandokandoka sy ny mieboebo. Indraindray isika dia mianoka ao anatin'ny fahazaran-dratsy kanefa tsy tsapantsika akory izany, ary ireny fahadisoana eo amin'ny fiaraha-monina ireny dia mety hovidantsika lafo. Ny **fanesoana an-kolaka**, ny **fanoherana**, ny **fandrabiana na fiomehezana atao amin'ny ny tenin'ny hafa**, ary ny **fampiasana tsindry ara-psykôlôjia** mba hanararaotana ny hafa **dia toe-tsaina izay tokony hofadiana ihany koa.**

Samihafa / tsy mitovy ny atao hoe mankasitraka sy ny hoe mandokandoka. Ny **fahatsoram-po** (sincerity) no tena manatsara ny fifandraisana. Indreto misy karazam-pehezanteny izay azonao ampiasaina mba hanehoanao ny tombam-bidy omenao ny hafa ary ahatsapan'izy ireo ny fankasitrahanao azy: "Ny mahafinaritra ahy amin'ny hevitrao dia..." "Tena nankasitrahako ny ..." "Nanatsoaka lesona betsaka aho tamin'ny fomba namahanao ilay olana." "Voamariko ny fahatsaram-panahy nentinao niatrika ilay olana ..." "Tena hita tokoa fa nanomana tsara ny famelabelarana nataonao ianao." "Ny tena nanohina ahy dia ny fahafoizan-tenanao." "Tena nanaitra ahy ny endrika kanto nanamboaranao ireo taratasy nozarainao." "Tena nahakasika ny foko ny hafatra nentin'ilay hira nataonao."

Ny fifampiresahana dia singa manan-danja mamaritra ny fiainantsika. *Raha taharo tsara no ampiasaintsika amin'ny resaka ifanaovantsika amin'ny hafa, dia ho voatahy isika ary toy izany koa ireo mpihaino antsika.*

Andriamanitra be famindram-po ô, ampio aho mba hahatsiaro ireo zavatra tsotra toy ny fihetsika tokony atao rehefa hihaino ny olona miresaka amiko, ny fijerena azy ao anaty masonry ary ny fitsikiana aminy. Ampio aho hahatsiaro ireo teny sy fehezan-teny izay mahatsara ny fifandraisana. Ampianaro aho handanjalanja ny teniko mialohan'ny hitenenako, ary omeo ahy ny fahazavan-tsaina sy ny fahendrena eo amin'ny filazako ny momba ny tenako manokana. Omeho saina matsilo sy fahamoram-panahy aho mba hahazako mihaino ny fahoriana sy ratram-pon'ireo izay ianjadian'izany, ary ampio aho hahita teny izay ho toy ny diloilo hanasitrana azy ireo. Ampianaro aho hahay hifidy ireo fomba hanatsarako ny fifandraisako amin'ny hafa, ho voninahitry ny Anaranao. Amen.

41-Ireo fomba fanao mahazatra - mamono ny fifandraisana..

42- Ireo toe-tsaina tokony ho fadiana

43-Ireo fomba fitenenana maneho fankasitrahana... manatsara ny fifandraisana....

44- Ento am-bavaka ny ezaka rehetra ataonao. Mangataha fahendrena amin'ilay Tsitoha.

TADIDINAO VE IZAY NIANARANA?

1. Inona no maha-samy hafa ny resaka tsotsotra sy ny resaka manan-danja?

2. Inona ireo toromarika telo ilaina eo amin'ny fifantenana izay tokony hozaraina amin'ny hafa momba ny tenantsika manokana?

3. Inona ireo toromarika dimy ho fanatsrana ny fifampiresahantsika amin'ny hafa?

4. Fanontaniana fampieritreretana: Inona no fanovana tokony hataonao mba hanatsaranao ny fahaizanao mifampiresaka amin'ny hafa?

TOKO FAHAEFATRA

ANTSO AN-TELEFAONINA, TARATASY SY E-MAIL

Ny sasany amin'ireo fomba fifampiresahana voaresaka teo aloha dia **mitombina ihany koa ho an'ny fifampiresahana an-telefaonina sy ny fifandraisana an-taratasy na amin'ny e-mail**. Ohatra: ny fandinihana akaiky ny votoatin-kafatra sy ny fihetseham-po asehon'ny hafa dia zava-dehibe hatrany, fa **ny fandinihana ny fihetsiky ny vatana kosa dia tsy azo tanterahina raha tsy mifanatrika mivantana** aminao ny olona mifampiresaka aminao, raha tsy hoe angaha misy fifankahitana mivantana amin'ny alalan'ny fahitalavitra na ny solosaina (skype) na koa ny telefaonina hahafahana mifankahita tava.

Noho ny tsy fahafahana mifankahita mivantana dia tokony hiezaka bebe kokoa izay miteny sy izay mihaino mba tsy hisian'ny fifandisoan-kevitra.

Sarotra kokoa ohatra ny manomana sy mampita hafatra amin'ny alalan'ny radio nohon'ny amin'ny Television.

Amin'ny **fifandraisana an-telefaonina** dia tsarovy fa **mety hisy olona handre ny resaka ataonao ka hampiasa izany amin'ny fomba tsy ara-dalàna indraindray**. Koa manàna fahendrena rehefa miresaka tsiambaratelo amin'ny telefaonina. **Hajao** koa ny zon'ny hafa hitahiry ny tsiambaratelon'ny... Tsy voatery hidika ho tsy fifampatokisana ny fitehirizana tsiambaratelo.

Tsinjovy ny hafa rehefa miresaka an-telefaonina ianao. Misy olona sasany izay sorena rehefa voatery mandre olon-kafa miresaka an-telefaonina eo anatrehany, indrindra amin'ny toerana teritery toy ny fiara na trano fisakafoana izay tsy ahafahany manalavitra anao. Koa **rehefa mandray na miantso an-telefaonina ianao dia kendreo ny tsy hanohintohina ny hafa araka izay azo atao.**

Tena mahasorena ny mahita olona manapaka resaka mba handray antso an-telefaonina. Ny fanaovanao izany dia toy ny midika fa ilay olona miresaka aminao dia tsy manan-danja noho ilay antso an-telefaonina. Raha tena antso maika ilay izy dia hanohy hiantso ilay olona ambara-pandrainao ny antsony. Farano am-panajana ny resakao mialoha ny handraisanao ilay antso an-telefaonina.

Mazava-loatra fa manan-danja koa ilay olona miantso anao. Fahalalam-pomba tsotra ny miantso azy hainqana araka izay azo atao, indrindra raha nametraka hafatra tao amin'ny telefaonina na findainao izy.

Tsy voatery horaisina avokoa ny antso rehetra, ary mazava loatra fa azonao atao ny

HEVI-DEHIBE

1-Tsy mitovy ny miresaka mifanatrika sy ny miresaka tsy mifanatrika

2-Mitaky ezaka bebe kokoa ny fifampitana hafatra – amin'ny olona roa tsy mifankahita.

3- Hajao ny zon'ny hafa hitahiry ny tsiambaratelon'ny.

4-Hajao sy tsinjovy ny hafa.

5-Mahalalà fomba...

6- Tsy voatery ho

tsy mandray raha mbola tsy fotoana mety handraisana ilay antso na rehefa hitanao misoratra eo amin'ny telefaoninao fa olona mpanao dokam-barotra ohatra no miantso ka tsy tiana horaisina. Na dia antso mahasorena aza ilay antso, dia azonao atao ny mangataka aminy am-panajana mba hanaisotra ny anaranao ao amin'ny lisitry ny olona fiantsony, na mangataka azy am-pahalemam-panahy mba tsy hanelingelenany anao intsony. Ny kaompanian-telefaonina dia afaka manampy anao mba tsy handraisanao antson'olona miteninteny foana na manadala anao.

Mialoha ny hiantsoanao dia saintsaino ny momba ilay olona. Anontanio ny tenanao hoe: fotoana mety hiantsoana azy ve izao, sao dia mbola misakafo na matory izy ka tsy te hohelingelena? Saintsaino ny zavatra holazainao mba tsy handanianao mihoatra noho izay ilaina ny fotoanan'ilay olona. Ary rehefa miantso ianao dia fahalalam-pomba ny miarahaba sy manontany hoe: **"Fotoana mety hiresahantsika an-telefaonina ve izao?"**

Amin'ny ankapobeny dia **mitsinjara ho sokajy roa ny karazana antso an-telefaonina.** Ny **antso arak'asa dia mazàna fohy sy mivantana.** Matetika izany dia fifankalozambaovao ilaina, na fangatahana, na fifanomezana fotoana. Matetika dia miantomboka amin'ny filazan'ny andaniny sy ankilany ny anarany avy izany, avy eo dia resahana avy hatrany ny anton'ilay antso.

- Allo, i Rabe ihany ity. Afaka miresaka an-tel. ianao?
- Allo, i Rasoa no mandray anao. Afaka miresaka ianao ka!
- Miantso aho amin'ny anaran'ny vaomiera mpanendry mba hanontany anao raha vonona ianao ny hanao ny asan'ny diakona mandritra ity taona ity.
- Misaotra anao nampita izany. Tena tiako tokoa izany, kanefa maniry aho mba hiara-hivavaka amin'ny vadiko mialoha ny handraisako fanapahan-kevitra.
- Faly aho mandre fa handinika momba izany ianao. Azoko atao ve ny mamerina miantso anao amin'ny Alakamisy mba handrenesako ny valinteninao?
- Eny, mety tsara izany.
- Misaotra indrindra.
- Tsy misy fisaorana.
- Mandra-piresaka, dia amin'ny Alakamisy izany.
- Veloma.

Ny **sokajy faharoa** dia antso fifampiresahana tsotra izay iresahana momba izay lohahevitra rehetra tiana horesahana. Matetika ny antso toy izany dia mitovy endrika amin'ny fifampiresahana hitantsika ao amin'ny pejy 26, izay ahitana savaranonando, votoatin-dresaka sy famaranana. **Mivelatra ny lohahevitra azo resahana, mitety anton-dresaka maro, na koa miditra lalina amina olana iray na roa.**

Ny antso an-telefaonina dia fomba tena tsara hanohizana ny fifandraisana am-po amin'ny namana sy ny fianakaviana ary hanarahana ny zava-miseho eo amin'ny fiainan'izy ireo. Maro ireo olona manirery izay maniry handre ny antsonao, ary ny "famangiana" azy toy izany dia fomba mety sy fampiasam-potoana tsara mba hanampiana azy eo amin'ny filàny ara-tsôsialy.

Tsarovy fa andoavam-bola ny antso an-telefaonina koa arakaraka ny mahalava ny fotoana iresahana no halafon'ny vola haloa. Noho izany, rehefa niresaka nandritra ny fotoana elaela ianao, dia mitenena teny toy ny hoe: **"Nahafinaritra ny nifampiresaka**

raisina ny antso

rehetra.

Aoka halemy fanahy

7-Mandiniha aloha

vao miantso. Aza

mandany mihoatra

noho izay ilaina

amin'ny fotoanan'ny

hafa.

8- Antso arak'asa :

fohy sy mivantana

9-Antso

fifampiresahana

tsotra.....fomba tsara

hanohizana

fifandraisana am-po

10-Manajà ny hafa -

farano am-panajana

ny resaka

taminao indray" na "Eny ary fa dia misaotra indrindra niantso." Mifanaova veloma dia tapaho ny antso.

Farany, ***vonoy ny findainao rehefa ao am-piangonana na amin'ny fotoam-pivoriana hafa, ary tsarovy fa mampidi-doza ny mitelefaonina sady mitondra fiara!***

Ny fifandraisana an-taratasy : Amin'ny maha-mpitondra fiangonana anao dia mety hiandraikitra ny fanoratana taratasy mikasika ny raharaham-piangonana ianao, na mety hisy olona hangataka fanampiana aminao amin'ny fanoratana taratasy. Ny fifandraisana an-taratasy ihany koa dia manana ny toerany eo amin'ny fiaraha-monina ary misy fitsipika sy fomba arahana eo amin'ny fisafidianana ny teny na ny fomba fanoratana arakaraka ny tanjona kendrena.

Amin'ny taratasy mihaja ***dia tsara ny manaraka ny fomba iombonan'ny rehetra*** satria *ny olona dia efa zatra mahita ny zavatra tiany hofantarina amin'ny toerany avy ao amin'ny taratasy.*

Amin'ny ankapobeny, **ny taratasy arak'asa dia tsy tokony hihoatra ny pejy iray, ny tsara indrindra aza dia antsasaka pejy na latsak'izany.** Midika izany fa *tokony ho fohy sy mazava ny teny hoenti-mandrafitra fehezan-teny, ary tokony hesorina ny fanoritsoritana sy hevitra miolakolaka rehetra. Raha misy teny fohy azo anambarana tsara ny hevitra dia ampiasao izany. Eo amin'ny sehatry ny asa dia tian'ny olona ny resaka mivantana.*

Ataovy marina ny tsipelina. Amarino ny fanoratana ny teny rehetra, sy ny ***fahazavan'ny soratra*** eo amin'ny pejy.

Mariho ny toeran'ny singa tsirairay ao amin'ity taratasy iray ity:

11- Misy fotoana sy toerana tsy maintsy hamonoana ny finday.

12- Misy **fomba sy fitsipika arahina** amin'ny fanoratana.

13-**Manaraka ny fomba fanao** amin'ny fanoratana

14- Taratasy arak'asa : **Fohy sady mazava**

15- Endriky ny fanoratana (modely) (Jereo pejy manaraka)

Fiangonana Advantista Ambalaroa
Adiresy (Fiangonana) :.....
BP:.....

25 Jolay 2013

Andriamatoa Rakotosalama
Mpandrafitra
Adiresy :

Andriamatoa Rakotosalama:

Antony: Vinavina momba ny fanamboarana tafo

Nomen'ny Komitin'ny Fiangonana alalana ny tenako hanao ny vinavina momba ny fanamboarana ny tafo izay simban'ny rivo-doza ao amin'ny fiangonana voalaza adiresy etsy ambony.

Vinavina roa no irinay: fanamboarana ny faritra simba irery ihany, sy fanamboarana ny faritra simba miampy ny fanoloana ireo kapila rehetra amin'ny tafo.

Ny lokon'ireo kapila vaovao dia tokony hifanaraka amin'ny an'ireo efa eo ary tokony ho voaantoka mandritra ny 15-20 taona.

Mangataka izahay mba hambaranareo ny fomba hamitanareo ny asa haingana sy tsy dia manakorontana ny fandaharam-piangonana araka izay azo atao.

Mirary soa indrindra,

Ramatoa Razanatsoa Mary
Mpitam-bolan'ny fiangonana

tt/js

Nampiarahana: sarin'ny fahasimbana

Ny isan'ireo andalana eo anelanelan'ny fanombohan'ny taratasy sy ny daty dia afaka miovaova – iray hatramin'ny dimy – arakaraka ny halavan'ny taratasy.

Raha tena fohy ny votoatin'ny taratasy dia afaka mahatratra folo ny isan'ny andalana banga eo anelanelan'ny daty sy ny adiresy. Ao amin'io endrika be mpampiasa io dia tsy misy fiatahana kely isaky ny fanombohan'ny paragrafy.

Ny andalana ho an'ny fampahafantarana dia manondro ny olona namolavola ilay taratasy. Ao amin'io ohatra io dia i Razanatsoa Mary no nanoratra azy, araka izay hita amin'ireo litera fanafomezana ny anarany, **“rm”**; fa olon-kafa kosa no nanonta azy, izay tondroin'ny litera **“js”**(ohatra - Josoa). Raha i Razanatsoa Mary no nanoratra sy nanonta ilay taratasy dia ny fanafomezana ny anarany irery no

Fanombohan'ny taratasy

Andalana roa banga

Daty
Andalana roa banga

Ny adiresy, ny anarana sy ny andraikitry ilay olona andefasana ny taratasy

Andalana iray banga
Fiarahabana
Andalana iray banga
Antony
Andalana iray banga

Andalana iray banga
manasaraka ny paragrafy

Andalana telo banga
ho an'ny sonia

Anaran'ny mpandefa
Andraikitry ny mpandefa
Andalana iray banga
Fampahafantarana

Fanazavana fanampiny

16- Manaraka ny sisiny
ny fanombohan'ny
paragrafy

tokony hiseho "rm".

Raha nisy dika mitovy nalefa amin'olon-kafa dia tokony haseho eo amin'ny andalana farany amin'ny taratasy izany, ary tsy asiana teboka amin'ny farany.

Ohatra: **cc:** Ramalagasy, Ravoniarisoa Germaine.

Ny fifandraisana an-taratasy dia mitana anjara toerana lehibe tokoa eo amin'ny sehatry ny asa sy ny fifandraisana isam-batan'olona, kanefa ankehitriny ny fifanoratana amin'ny alalan'ny e-mail dia ifandefasan'ny olona hafatra an'arivo tapitrisany isan'andro. Mahavantana ny olona izany satria haingana sady mora ampiasaina eo amin'ny fifanakalozan-kevitra, ary koa noho ny fahamoran'ny fitehirizana azy sy ny fahafahana mandefa soratra tsotra amin'ny alalany. Ny sary, feo, sarimihetsika dia azo ampiarahana amin'ny e-mail ihany koa. Kanefa, araka ny fitsipika ankapobeny dia tokony hozarazaraina ny dôsie izay tena mavezatra mba hahamora ny fandefasana sy fandraisana azy.

Indro atolotra anao manaraka eto ny ohatra iray amin'ny **fifandraisana fohy (memo)** amin'ny alalan'ny e-mail:

MEMO

Ho an'ny: Mamban'ny Komitin'ny Fiangonana

Avy amin'i: Pasitora Paul

Daty: 25 Jolay 2013

Antony: Fivoriana maika

Antsoina isika mba hivory aorian'ny fiaraha-mivavaka Alarobia hariva ao amin'ny efitranon'ny Komity. Hodiniana amin'izany ny mikasika ny fanamboarana ny tafo.

Ampoizina ny hisian'ny andro ratsy amin'ny herinandro ambony. Koa tsy maintsy laniantsika ny orinasa hanatanteraka ny fanamboarana.

Mariho fa tsy misy fiarahabana sy safaranonando ao amin'ny memo.

Ny tsara indrindra rehefa manoratra e-mail, dia ny **mampiasa teny fohy araka izay azo atao**. Aoka ho **tarehin-tsoratra enimpolo** eo ho eo no hita ao amin'ny

17- ***Fifanajana arak'asa :***

fanomezana dika mitovy

amin'ireo

tompon'andraikitra

tokony omena izany (cc) :

Ohatra : loholona,....

18-***Maro be ny zavatra***

azo atao amin'ny

alalan'ny email – nefa

haingana sady mora.

Email : fandefasana

hafatra an-tsoratra

amin'ny alalan'ny

solosaina afaka

mifandray amin'ny

internet

19- ***Tsotra sady mivantana ny fifandraisana amin'ny "memo".***

andalana iray, ary kendreo mba ho miara-hita eo amin'ny solosaina avokoa ny soratra rehetra fa tsy misy takona ao ambany. Arakaraka ny mahafohy azy no mahatsara azy satria ny olona dia tsy manam-potoana hamakiana hafatra lava be.

Amarino ny tsipelina. **Aza ampiasaina ny faritra ambony indrindra sy ny faritra ambany indrindra rehetra amin'ny toerana azo anoratana. Azo atao ny mampiasa ireo sary kely mitsiky (smileys sy émoticannes) raha olona akaiky na namana no anoratana, saingy raha fifandraisana mihaja dia fadio ny mampiasa izany.**

Kajio tsara toy ny amin'ny taratasy tsotra ny hafatra alefanao, ary aza tsindrana eo amin'ny hoe "alefa" raha tsy efa avy **nohamarininao indroa ny zava-drehetra.**

Ny ankamaroan'ny fitsipika arahina amin'ny memo dia mitombina ihany koa amin'ny e-mail. Ny mampiavaka azy dia izao : **ny e-mail dia manomboka amin'ny fiarahabana, ary mifarana amin'ny fanaovam-beloma sy ny fanoratanao ny anaranao.** Eo ambanin'ny anaranao dia azonao atao ny mametraka karazana **karatra kely arak'asa tsara voatra**, izay tokony hotehirizinao mba hampiasaina amin'ny fotoana manaraka.

Rehefa mamaly e-mail ianao dia ezaho ny hahatakatra ny hafatra tian'ilay olona holazaina mialoha ny hanoratanao ny valiny. Raha fanontaniana tsy napetraka no valiana fa tsy ilay nanontaniana, dia very maina ny fotoanao sy ny an'ilay olona ifandraisanao.

Ny famalianao maimaika am-pahatezerana dia hampalahelo ny hafa ary hanimba ny lazanao. Mialoha ny hanindrianao ny hoe "alefa" dia miatoa kely aloha, vakio indray ilay hafatra, ary diniho raha tena tianao halefa ilay zavatra nosoratanao.

Ary amarino indroa mba ho tsy eo amin'ny hoe "valiny ho an'ny rehetra" no tsindranao raha toa ka ilay olona nanoratra ho anao irery ihany no tianao handefasana ny valiny.

Tsarovy fa rehefa mandefa e-mail iray ianao dia misy olon-kafa mety hahita ny zavatra nosoratanao, koa tandremo ny fanambaranao zavatra momba ny tenanao manokana izay mety hampiasan'olona ratsy fikasa any aoriana.

Ry Ray be indrafo ô, omeo ahy ny finiavana hiteny amin'ny feo mitsiky rehefa miresaka an-telefaonina aho, sy ny fahavononana hiaino ary ny fo mahay mahatakatra ny teny izay henoiko. Rehefa manoratra taratasy sy e-mail aho dia ampio mba hikajikajy tsara sy hitandrana eo amin'ny teny izay soratako. Ampio aho mba ho tahaka ny Mpandrafitra izay tsy afa-po amin'ny asany raha tsy ny "tsara indrindra" no nataony. Amin'ny anaran'i Jesosy. Amen

20- **Arakaraka ny mahafohy azy no mahatsara azy**

Ataovy anaty "piece jointe" ny taratasy lava misy tsipirian-javatra....

21- **Amarino indroa – mialohan'ny handefasana azy.**

22- **Ny mampiavaka ny email amin'ny memo.**

23- **Fantaro tsara ny tiany ambara, fanontaniana, sns vao mamaly.**

24- **Ilaina ny filaminantsaina sy fahatonian'ny fanahy...mialohan'ny hanoratana sy handefasana hafatra...**

25- **Hamarino in-droa**

26- **Arovy ny fiainanao manokana**

27- **Ento am-bavaka ny ezaka ataonao hanatsara ny fifandraisanao amin'ny hafa.**

TADIDINAO VE IZAY NIANARANA?

1. Milazà fitsipika dimy momba ny fifanajana.

2. Milazà fitsipika telo momba ny fomba fanoratana taratasy mihaja.

3. Milazà fitsipika telo momba ny fanoratana e-mail mihaja.

4. Fanontaniana fampieritreretana: Inona no fanovana tokony hataonao mba hanatsaranao ny fifandraisanao an-telefaonina, an-taratasy sy amin'ny e-mail?

LAHATENY SY FANOHANAN-KEVITRA IMASOM-BAHOAKA

Mety mahafantatra olona ianao izay **miteny betsaka kanefa hevitra kely monja no voambarany**. Lava dia lava ny teniny kanefa ny tena ventin-kevitra dia zara raha misy. Ireo izay manatrika fivoriana iray dia manan-jo handre zavatra manan-danja. Iza rahateo moa no te hihaino resaka mandany fotoana fotsiny?

Arak'izany, ny lahateny imasom-bahoaka mahomby dia **mitondra hevitra mazava sy ampy mba hamohazana ny fahalianan'ny mpihaino, kanefa koa tsy lalina loatra ka manjary tsy takatry ny olona**.

Ny antony iray hafa mahatonga ny lahateny ho mahamonamonaina dia ny fanehoana azy amin'ny fomba manorisory sy mandreraka. **Mety hahaliana ny votoatin-kevitra, kanefa tsy ampy fahaiza-manao sy hery manintona (charisma) ny mpiteny ka tsy mahasarika ny fahalianan'ny mpanatrika**. Raha ny marina, ny mpiteny iray izay havanana dia afaka maneho amin'ny fomba tsara tokoa ny hevitra iray tsy dia manaitra firy ka tsy hohadinoin'ny olona izany fomba tsara nanehoany azy izany.

Ny lahateny na fampianarana na toriteny tsara indrindra dia ny fizarana votoatin-kevitra mahaliana ataon'ny mpiteny mahay. Maro be ny fomba azo ampiasaina mba hanomanana ny mpanatrika ho vonona hihaino, kanefa betsaka koa ny azontsika atao mba hahazoantsika antoka fa ny hevitra harosontsika dia mahaliana ary amin'ny fomba manintona no hanehoantsika izany.

Ny fanombohan'ny zava-drehetra dia ny fiomanana. Ary ny dingana voalohany dia ny fandohalehana. Mivavaha mba hitarihan'Andriamanitra ny sainao hamantatra izay tiany horeshananao, ary mivavaha mba hanomanany ny fonao ka ho mpiteny mahitsy sy mendrika ianao ho voninahitry ny Anarany.

Rehefa voafidinao ny lohahevitra, dia safidio ny tanjon'ny lahateny hataonao. Inona no andrasanao amin'ny mpihaino anao? Ny tanjon'ny mpilalao tantara antsehatra dia ny hamalifaly ny olona. Ny tanjon'ny mpivarotra dia ny hahalafo. **Ny tanjon'ny toriteny dia ny hanova fo sy hitaona ny olona hanolo-tena ho an'i Kristy**.

Aoka (1)hifanaraka ny tanjona sy ny karazan'olona mihaino. Tsy misy dikany ny fampianarana natao ho an'ny tovovavy momba ny fitaizan-dreny raha toa ka lehilahy avokoa ny mpanatrika. Noho izany dia zava-dehibe ny (2)mahafantatra ny sokajin'olona izay hanatrika ny famelabelarana, ary koa ny zava-mahaliana azy ireo. Izany fahafantarana izany dia hitarika anao (3)hahafantantra izay tokony hoteneninao sy ny fomba hitenenanao azy.

Rehefa voafidinao ny zavatra andrasanao avy amin'ny lahateninanao, dia afaka Aoka (1)hifanaraka ny tanjona sy ny karazan'olona mihaino. Tsy misy dikany ny fampianarana natao ho an'ny tovovavy momba ny fitaizan-dreny raha toa ka

HEVI-DEHIBE

1- **Hialao ny resaka lava tsy misy ventiny sy Ivelambelany fotsiny**

2- **Hevitra mazava sy ampy nefa tsy lalina loatra....fantaro ny olona mihaino anao**

3- **Fahaiza-manao sy ny hery manintona...**

.hevitra tsotra aseho amin'ny fomba manaitra.

4- **Hevitra tsara, mpiteny mahay**

5- **Ny fiomanana tsara indrindra**

6- **Lahateny mifantoka amin'ny tanjona...**

Tanjon'ny toriteny : fiovam-po.

7- **Ampifanaraho amin'ny mpihaino ny tanjona**

8- **Miomana tsara : Mamantatra tsara – manangona-hevitra -**

7- **Ampifanaraho amin'ny mpihaino ny** 36

Puzzle methode: Misy olona sasany izay nahita fa tena manampy azy be dia be tokoa ny manoratra ny hevitra tsirairay izay hitany amin'ny taratasy kely maromaro – mba hahamora ny fanisakisahany azy ireo eo ambony latabatra – arakaraky izay hitiavany ny filaharan'ny hevitra tsirairay...tahaka ny olona milalao paozila "puzzle".

Izany fomba fiasa izany dia hanamora ny fahitanao ireo "hevitra banga" izay tokony ho karohina rehefa mamaky ireo lahatsoratra efa vitan'ny hafa mikasika io loha-hevitra omaninao io ianao.

Misy ireo boky sy gazetiboky samihafa izay miresaka momba ny lohahevitra rehetra azo eritreretina, ary **ny Internet dia manamora ny fikaroham-baovao.**

Aoka ianao ho mailo mandrakariva ka tsy horaisinao ho fahamarinana avokoa izay rehetra natonta na hita amin'ny Internet. Ary aoka hitandrina ianao amin'ny

fanavahana ny hevitr'olona manokana sy ny zava-niseho marina amin'ny lahatsoratra izay vakinao. Rehefa izany dia manomboha manoratra ny vakiraokan'ny lahateninao. **Maro ireo olona izay mikatso eo amin'ny "fanoratana- fanomanana" satria tian'izy ireo ho tonga lafatra dieny voalohany ny zavatra soratany.** Tsara lavitra kokoa anefa ny miainqa avy amin'ny rafitra tsotsotra toy izay mandany ny fotoananao rehetra amin'ny fianqaliana fehezanteny iray! Koa farano aloha ilay rafitra tsotsotra, avy eo dia avereno soratana izany ary amboary mba hahazoanao ny rafitra farany - izay fototry ny lahateninao.

Atombohy amin'ny fanambarana mafonja sady mazava mikasika ny hevitra fototra tianao hahatongavana. Ny hevitra mipetraka eo am-boalohany no mamaritra ny tohiny rehetra, koa aza mihodinkodina amin'ny fanamarihana samihafa eo am-panombohana. **Sariho ny fahalianan'ny mpihaino anao amin'ny alalan'ny fehezanteny iray izay manaitra ny sain'izy ireo sy manozongozona ny fiheverany mahazatra (ohatra).**

Ohatra : Isan-tsegôndra, isan'andro, dia misy olona roa maty, ary misy zaza efatra teraka. Noho ny fitomboan'ny isan'ny mponina ankehitriny dia mihitatra ny asa fitoriana miandry **antsika.** Koa ahoana no fomba hahafah**antsika** manambara amin'ny mponin'ny tany rehetra fa ho avy tsy ho ela i Jesosy? Misy fomba iray, fomba tsy **ampoizintsika,** ahafah**antsika** mamita ny asa haingana.

Aorian'ny fampidirana dia asehoy ny porofo sy fandresan-dahatra izay manohana ny hevitra arosoanao :

Ohatra : Voalohany indrindra dia tokony hotohizantsika ny fomba fiasa izay hita fa mahomby. Fantatsika fa ny asa fitoriana amin'ny alalan'ny fitsaboana dia manokatra varavarana izay mikatona amin'ny endrika fitoriana hafa. Fantatsika fa ny ADRA dia manatanteraka asa izay manova fiainan'olona maro izay niaina tao anatin'ny fiainana mampamoy fo. Fantatsika fa ny Radio Advantista Manerantany dia mahatratra ireo **Ohatra :** Voalohany indrindra dia tokony hotohizantsika ny fomba fiasa izay hita fa mahomby. Fantatsika fa ny asa fitoriana amin'ny alalan'ny

10- Alamino tsara
hifanaraka amin'ny
tokony ho filaharany ny
hevitrao.

11-Mampisasa
loharanon-kevitra
mitombina

12-Soraty aloha, avy eo
vao hatsarana
tsikelikely.

13-Sariho hatrany
amin'ny voalohany ny
fahalianan'ny mpihaino

14- Antontan'isa
manaitra (ohatra iray)
- **Ampitovio laharana**
amin'izy ireo ny tenanao
(tsika fa tsy ianareo)
- **Fohazy ny fahalianana**

Tsy azontsika atsahatra ny fanohanana ireny fomba fitoriana mahomby ireny izay mitaona ny olona handray ny famonjena ao amin'i Jesosy Kristy ary miasa hatrany amin'ny tanàna lavitra indrindra eto ambonin'ny tany.

Kanefa tokony hanao mihoatra noho izany isika!

laraha-mahalala fa amin'ny ambaratonga sasany dia voafetra ny vola hoenti-miasa ary ny tetik'asa dia voatery nahena noho ny fihenany ny vola miditra hampiasaina amin'ny ezaka fitoriana.

Izany olana mila vahana maika izany dia mitaky ny fiezahantsika rehetra sy ny herin-tsaintsika mba hamantarantsika ny tena antony sy ny fomba hanarenantsika izany.

Izany dia mitaky amin'ny mpitantana ny fananan'Andriamanitra rehetra mba hampiasa am-pahendrena sy am-pahatokiana ny fananana eo am-pelatany.

Izany dia mitaky koa ny faneken'ny isam-batan'olona fa tsy maintsy manohana ny asa isika. Hitarika fahaverezana ho antsika ny tsy fankatoavantsika izany baikon'Andriamanitra izany.

Tsy maintsy atao izany! Kanefa mihoatra noho izany no tokony hataontsika!

Amin'izao andron'ny haino aman-jery izao dia tsy maintsy ampiasaintsika ny fahaiza-mikaroka ananan'ireo tanora mpitarika mba hampiharana fomba vaovao manintona hanatrarana ny sain'ireo olona zatra mampiasa teknôlôjia.

Amin'ny alalan'ny fampiasantsika ny fomba fiasan'ny Google ohatra dia tokony hampiasaintsika ireo tambajotran-tsolosaina aman-tapitrisany mba hanaparahana, amin'ny fomba ara-dalàna sy mendrika, ny hafatry ny Filazantsara amin'ireo izay mandany ora maro isan'andro eo anoloan'ny solosaina.

Tsy maintsy atao izany! Kanefa tsy maintsy ahenantsika koa ny asantsika! Eny, tsy maintsy ahenantsika ny asantsika.???? Tsy maintsy "mijanona isika, fa ho hitantsika ny famonjen'i Jehovah" (jereo Eks. 14:13). "Izao no lazain'i Jehovah aminareo: Aza matahotra na mivadi-po ny amin'ireo olona betsaka ireo, fa tsy anareo ny ady, fa an'Andriamanitra;" (II Tantara 20:15).

"Mihisatra avo folo heny ny asa noho ny fiezahan'ny olona hanatanteraka ny anjara asan'Andriamanitra amin'ny herin'olombelona voafetra" (Ev. 635).

"Ny famaranana ny asa dia hotanterahan'ny Tompo amin'ny fomba mahagaga, ary amin'ny fomba izay mifanohitra amin'ny paikadin'olombelona." "Ny fomba hampiasain'Andriamanitra dia haneho fa Izy no mifehy ny asa eo am-pelatany." (Ev. 118).

"Fa amin'ny fahatanterahana faingana no hanefan'i Jehovah ny teniny ambonin'ny tany." (Rom. 9:28).

a- Fanekena fa misy

tokoa ny fihaikana

b- Toa misy fivadihan-

kevitra na koa hevitra

toa mifanipaka tsy

nampoizina.

?????

c- Fiovam-pijery :

Fampitandremana

mikasika ny

herin'olombelona

voafetra

d- Ny fomba mahagaga

hamitana ny asa dia ny

famelana

an'Andriamaitra hiditra

an-tsehatra

Isan-tsegôndra, isan'andro, dia misy olona roa maty, ary misy zaza efatra teraka. Noho ny fitomboan'ny isan'ny mponina ankehitriny dia miitatra ny asa fitoriana miandry antsika. Koa ahoana no fomba hahafahantsika manambara amin'ny mponin'ny tany rehetra fa ho avy tsy ho ela i Jesosy? Fantatsika ankehitriny ny tokony hataontsika.

Tsy maintsy resentsika ny olana ara-bola mba hahafahantsika mandroso. Ary tsy maintsy mikaroka fomba vaovao tanteraka isika hoentimanatanteraka ny fitoriana ny filazantsara.

Kanefa Andriamanitra dia tsy miantso antsika mba hitambesaran'ny adin-tsaina na hamono tena amin'ny asa, fa mba hanao izay tsara indrindra vitantsika.

Miantso anao lzy mba hiasa am-pahavitrihana eo amin'ny faritry ny tanim-boaloboka izay fantany fa toerana tsara indrindra hahafahanao miasa. Mampanantena lzy fa hanome ny hery sy ny fahendrena rehetra ilaintsika mba hahavitantsika tsara ny asantsika. Ary manome toky izy fa lzy ilay tsy mahalala tsi-fahombiazana no hiantoka ny fahatanterahan'ny fikasany.

Raha faniriana ny hidera Azy noho ny fitiavany tsy miova mandrakizay sy noho ny famindrampony amintsika, ary raha vonona ianao ny hanavao ny fanoloran-tenanao hanompo Azy amin'ny fonao manontolo sy ny sainao ary ny fanahinao manontolo, dia mangataka anao aho mba hiara-hitsangana amiko mba hivavaka.

Ny tanjon'io lahateny io dia ny hanentana ny olona hanavao ny fanoloran-tenany amin'ny fanompoana. Ho fantatsika fa tratra ny tanjona raha mitsangana izy ireo rehefa manao antso ianao, ary rehefa renao amin'ny resaka atỳ aoriana fa nirotsaka tokoa amin'ny asa izay niantsoan'Andriamanitra azy izy ireo.

Ora maro no lany mba hanoratana toriteny maharitra enina minitra! Naverina nosoratana imbetsaka ireo fehezanteny sy paragrafy. Ary tena *mety ho voatery hanova ianao rehefa miroso amin'ny dingana antsoina hoe fanatsarana farany*, satria indraindray ny teny izay toa tsara dia tsara am-panoratana dia tsy dia tsara rehefa tenenina.

Zavatra iray ny fanoratana. Fa zavatra iray hafa ny fanatanterahana ny lahateny. Ireo mpilalao sarimihetsika matihanina dia miantso izany hoe ***“mahafehy ny lahatsoratra.”*** Amin'ny fanatontosana horonan-tsary sy fandaharana amin'ny fahitalavitra dia tsy maintsy atao tsianjery ny teny tsirairay ao amin'ny lahatsoratra, ary tsy maintsy araka izay nanoratana azy no anononan'ny mpilalao ny teny. Amin'ny toe-javatra sasany dia tadidian'ny mpiteny amin'ny tsipiriany ny hevitra ka ny fifanjohin-kevitra no arahany tsara, *fa ny teny ampiasainy kosa dia izay mahavantana azy hamosahany izany hevitra izany*. Izany dia haneho ny lahateny ho avy ao am-ponao sady misy hery ka hanintona kokoa ny mpihaino noho ny famakiana na fanaovana tsianjery ny teny tsirairay.

Indreto **misy lafiny vitsivitsy tokony hotsaroanao** eo am-panatanterahanao ny lahateninanao.

Ambarao mazava sy amin'ny feo avo ny teny tsirairay ka na ny olona any amin'ny

f- Famerenana ilay fanambarana tany am-boalohany

g-Famintinana ny hevitra fototra

h-Fampatsiahivana ny hevi-dehibe

i-Fampaherezana

j-Teny fikasana (2)

k-Antso hanao asa

15- Mifantoka amin'ny tanjona

16-Aoka hahay handanjalanja : faharetan'ny hafatra entina – fomba hitenenana azy...

17-Ny fampiharana no hampivoatra anao

18-Tadidio ny teny tsirairay

19-Tadidio ny hevitra rehetra sy ny firindrany

20-Malalaka kokoa ny fitenenana rehefa mahavoaka ny tiana hambara

21-Mitenena mazava

Raha misy fanamafisam-peo dia tohero ny fakam-panahy hikasika sy hanitsy ny micro. Ny fanitsiana ara-teknika rehetra dia tokony hatao mialoha (micro,...). Eo am-pitenenana dia ataovy mitodika mankeo amin'ny micro ny oronao ary somary ataovy miataka kely amin'ny micro ny vavanao. Azonao ahodina ny lohanao mba hifantohanao amin'ny olona amin'ny toerana samihafa ao amin'ny efitrano, kanefa kendreo mba ho akaikin'ny micro mandrakariva ny vavanao. Raha tazoninao ilay micro dia aza atao mifanitsy mivantana amin'ny vavanao izany fa ataovy somary mitanila kely. Izany dia mba hisorohana ny fidonan'ny rivotra amin'ny micro rehefa manonona ireo renin-tsoratra mitefoka toy ny "p" na "t" ianao. Ataovy mitodika amin'ny vavanao mandrakariva ny lohan'ny micro ary aoka ho eo amin'ny 7sm hatramin'ny 10 sm ny elanelany amin'ny vavanao; ialao ny feo mikasaosaoka vokatry ny fanetsiketsehana ny micro ao an-tànanao sy ny filalaovana ny tari-biny ao an-tànanao. Miaraha miasa mialoha amin'ny mpikirakira ny fanamafisam-peo mba tsy ho mafy loatra na mora loatra ny feo avy amin'ny fitaovana fanamafisam-peo.

Eo am-pamarananao ny fanatsarana farany dia tsarovy fa ny tanjonao dia ny hahatafita mazava ny hafatra amin'ny mpihaino. **Raha miteny haingana loatra ianao dia tsy ho arak'izy ireo. Raha miteny miadana loatra ianao dia hiala an-daharana ny mpihaino sasany.** Raha mitovy hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany ny hafaingam-piteninao dia mety hatory ny olona sasany. Koa ovaovay ny hafaingam-piteninao mba hifanaraka amin'izay zavatra lazainao. Azonao atao koa ny manonona ny teny sasany amin'ny feo avo kokoa mba hanasongadinana ny fiovaovana, kanefa ialao ny fiovana tafahoatra. Ovaovay ny feonao sy ny hamafiny ary aza hadino ny miato tsindraidray mba hampilentika tsara ny hafatra ao an-tsain'ny mpihaino.

Anisan'ny **fiomanana ilaina ny fakanao an-tsaina ny tenanao toy ny efa manatanteraka ilay lahateny**. Raha misy ny tahotry ny tsy hahomby na tsy hoheinoina ao an-tsainao, dia tsy ho afaka hamoaka hevitra tsara ianao. Fa raha alainao sary an-tsaina fa mizotra tsara ny famelabelaranao dia halalaka ny sainao hanatanteraka izany sary tsara ao an-tsainao izany.

Minitra vitsy mialoha ny hitenenanao dia mandehana amin'ny toerana mitokana ary mijere fitaratra. Manaova fisefoana lalina vitsivitsy ary ampitoneo ny fanahiana rehetra, dia mifantoha amin'ny tanjonao amin'ny fanandratana vavaka mba ho voakasiky ny hafatra entinao avokoa ny tsirairay amin'ny mpihaino.

Rehefa hitsangana hiteny ianao, dia miatoa kely aloha ary jereo ny mpanatrika. Jereo anaty masonry ny olona sasantsasany, ary manomboha miteny amin'izy ireo am-patokiana sy hafanam-po. (Efa nataonao tsianjery ny fehezanteninao voalohany, ka aza miondrika mamaky dieny am-boalohany). Mitsikia ary aoka hihetsika tsotra tsy terena ny tànanao eo am-pitenenana; ampitomboy hery ny hafatra ka hizotra tsikelikely hatramin'ny fara-tampony any amin'ny famaranana. Izany toromarika izany dia azo ampiharina rehefa hanao lahateny arak'asa ianao, na fivoriana ara-tsôsialy, na mampianatra ny Leson'ny Sekoly Sabata. Angamba tsy

22-Fampiasana ny micro
– Ilana fitandremana

23-Mitenena mivantana
somary mitanila
amin'ny micro

24-Ialao ny feo
mitefoka amin'ny micro

25- **Miaraha-**
miasamialoha amin'ny
teknisiana.

26-Fehezo ny
hafaingam-
pitenehana

27-Ovaovao ny
hamafin'ny feo

28-Miato kely mba
hampilentika tsara ny
hafatra +
hanasongadinana
hevitra.

29- **Fiomanana ara-**
tsaina – maka sary an-
tsaina ny – mamerina...

30- **Fiomanana** mba
hanana fiseho
matihanina
31-Tsy maintsy
mivavaka mangina.

32-Mifandraisa amin'ny
mpanatrika. **Jereo ny**
olona.

33-Omany mialoha ny
fivoarana tsikelikely

Ho mora kokoa ny hanatraranao ny tanjona amin'ny lahateny na fampianarana Baiboly ataonao raha toa ka amin'ny fomba mandresy lahatra no andaharanao ny hevitra ampiasainao. Midika izany fa ho mora amin'ny olona ny hamaly ny antsonao raha amin'ny fomba mety no anehoanao izany.

Manehoa fanohanan-kevitra maromaro voamarina, mialoha ny hanoloranao hevi-baovao. Izany **fifanjohin-kevitra manaraka lôjika** izany dia manomana ny sain'ny olona hanaiky ilay hevi-baovao harosona aminy.

Ohatra : Arak'izany dia nivavaka tany amin'ny synagoga i Jeosy isantSabata, ary nitandrina ny Sabata i Paoly apôstôly, taona maro taorian'ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty sy niakarany any an-danitra, ary koa tsy misy fanambarana mihitsy ao amin'ny Baiboly fa ny Alahady no solon'ny Sabata ho andro fiankohofana, noho izany dia izay nataon'i Jesosy no tokony hataontsika koa. Tokony hitandrina ny Sabata sy hiankohoka amin'Ilay Andriamanitra namorona sy namonjy antsika satria nohamasinin'i Jehovah izany andro izany.

Raiso am-panajana ny hevitra mifanohitra amin'izay tohananao. Tsy mahasoa anao ny fanoheranao am-pasihana ny mpanohitra anao na ny olona tsy mitovy hevitra aminao. Mety hankasitraka ny fihetsikao ireo tia miady hevitra, kanefa **tsarovy fa ho mora miova ny fankasitrahana azonao amin'izany.** Maro amin'ireo miantsoantso hoe "Hosana" ny Alahady no hanao hoe "Homboly" ny Zoma!

Tsara lavitra kokoa ny miezaka mamabo ny fanajan'ireo mpanohitra anao amin'ny alalan'ny fihetsikao feno fanajana sy fitsinjovana azy ireo, toy izay manao teny izay hampifanohitra sy hahatezitra azy ireo.

Ohatra : Na dia tsy voatonona mivantana ao amin'ny Testamenta Vaovao aza ny teny hoe "Alahady," dia imbalo voatonona kosa ny hoe "Andro voalohany amin'ny herinandro." Amin'ireo valo ireo dia ny andininy ao amin'ny Asa 20:7 no hita fa maneho porofo mivaingana indrindra fa nanao fotoam-pivavahana tamin'ny andro Alahady ireo kristiana tamin'izany andro izany.

"Ary tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro, rehefa niangona hamaky mofo izahay, Paoly dia nitori-teny taminy, fa nikasa handeha maraina izy; dia naharitra nitori-teny mandra-paha-mamatonalina izy."

Ho an'ireo izay mihevitra fa io andininy io no porofo fa tokony hivavaka amin'ny andro Alahady isika, dia apetrako am-panajana ny fanontaniana hoe: Moa ve mavesa-danja kokoa io andininy io raha mitaha amin'ny ohatra nasehon'i Jesosy imbetsaka fa nitandrina ny Sabata Izy?

Raha eny no valin-teninao, dia araho izay maharesy lahatra ny feon'ny fieritreretanao. Fa raha tsia kosa, dia miangavy anao aho mba handinika fa ny fanovana ny andro fiankohofana avy amin'ny Sabata ho Alahady dia tsy voaporofa ara-Baiboly.

34-Fifanjohin-kevitra mandresy lahatra

35-Manaraka lôjika

36- Raiso am-panajana ny hevitra mifanohitra – tandremo fa mora miova ny fanomezana fahafaham-po ireo tia ady hevitra.

37- Tsara kokoa ny mamabo ny fanajan'ny mpanohitra amin'ny fihetsika manaja..

38-Fomba fanehoana am-panajana ny hevitra manohitra ny hevitra tohananao.

Mitanisà tenin'olona manam-pahaizana hanohanana ny hevitrao. Mikaroha fanambarana nataon'olona fanta-daza sy hajain'ny rehetra, eny fa na dia ireo mifanohi-kevitra aminao aza, ary ampiasao izany mba hanamarinana ny hevitra arosoanao.

Asehoy ny tombontsoa avy amin'ny fanarahana ny hevitra arosoanao, kanefa aza dokafana be loatra izany. Asehoy ny voka-dratsin'ny tsy fanarahana ny hevitra atolotrao. Kanefa aza itarina be loatra ny lafy ratsiny andrao dia hahatsiaro ho voafetsifetsy ny mpihaino anao.

Manehoa faharesen-dahatra eo am-pitenenana. Raha ianao aza toa tsy resy lahatra amin'izay lazainao, dia tsy hatoky anao ny hafa.

Zarao ny fanandramanao ary ambarao ny fanandraman'ny hafa mba hanehoanao ny fahamarinan'izay lazainao.

Ny tsara indrindra ao amin'ny olona no entano. Mikendre tanjona ambony sy fenitra mendrika

Izao anefa no tandremo: Ny olona dia tsy tia ny fetsifetsena. Ary tsy misy kristiana izay entanin'ny fitiavan'i Kristy ka hiezaka hametsifetsy ny hafa. Noho izany, ny fahalalana momba ny fomba fandresen-dahatra dia tsy tokony hampiasaintsika raha tsy amin'izay hahasoa indrindra ny hafa. Ary koa, ny fahamarinana dia sarobidy indrindra ka mendrika ny hozaraintsika amin'ny fomba tsara sy mazava indrindra!

Ry Ray mpamindra fo ô, omeo fahendrena aho mba hahaizako manomana lahateny mirindra sy mifantoka amin'ny tanjona ka hahakasika ny fon'ireo mpihaino ahy. Mangataka ny fahasovan'aho mba hanampy ahy hampivoarako ny fahaiza-manaoko eo amin'ny fanehoako hafatra izay hanaliana ny mpihaino. Ary mangataka aminao aho mba ho haiko ny hampiasa ireo fomba fandresen-dahatra hizarako ny fahamarinana amin'ny fahatsarany rehetra, ho voninahitry ny Anaranao.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Amena.

39-Tenin'olona manam-pahaizana – azo ampiasaina...

40-Asehoy ny **tombontsoa** raha ampiharina ilay hevitra, **sy ny voka-dratsy** raha tsy ampiharina

41-**Manehoa fatokiana ny zavatra lazaina**

42-Milazà fanandramana miavaka

43-Fenitra ambony

44- Ampiasao amin'ny fahamarinana ny toro-marika nomena anao.

45- Aza adino : lzy no loharanon'ny fahaiza-mikarokasy mandresy lahatra. Azy ny hafatra fa fantsona ihany ianao.

TADIDINAO VE IZAY NIANARANAO?

1. Tsara ny lahateny atao rehefa

2. Inona no azonao atao mba hahazoanao antoka fa mifanentana amin'ny mpihaino anao ny hafatra ambaranao?

3. Ahoana no hahalalano raha nahomby ny lahateninao na tsia?

4. Eo am-panatsarana ny lahateninao mandritra ny fanomanana dia inona no tsy maintsy ataonao?

5. Rahoviana no tokony hampiasaina ny fomba fandresen-dahatra?

6. Fanontaniana fampieritreretana: Inona no fanovana tokony hataonao mba hanatsaranao ny fanomananao ny lahateninao sy ny fomba fanatanterahanao azy?

FIFAMPIRESAHANA MANAHIRANA

Noho ny tsi-fahatanterahan'ny olombelona dia **tsy azo ialana ny resaka manahirana**. Indraindray, noho ny andraikitrao dia tsy maintsy atrehinao ny fifampiresahana amin'olona iray mikasika toe-javatra manahirana, ary indraindray dia tojo resaka manahirana ianao na niomana ho amin'izany na tsia.

Raha misy fotoana tena ilana indrindra ny toe-tsaina sy fihetsika voambara ao amin'ny toko 1 sy 2 dia amin'ny fifampiresahana manahirana. Ary raha misy **fotoana tena ilantsika ny fanampian'ny lanitra indrindra**, dia rehefa mifandray amin'olona tezitra, kizintina, mpanakiana, na mpanjakazaka. Matetika i Jesosy no nanaovan'olona teny mahery. **Ny fahatoniana sy fifehezan-tena** nasehony dia noraisiny avy amin'ny fifandraisany tamin'ny Rainy.

Ny fanahy izay tia an'Andriamanitra dia ho afaka hijoro manoloana ny fanambaniana na herisetra na fanilikilihana, satria efa niaretan'ny Mpamonjy avokoa izany. Tsy ho sorena izy na ho kivy manoloana ny zava-tsarotra, satria i Jesosy dia tsy mba solafaka na kivy (2MCP 631).

Ny olona izay manana an'Andriamanitra ho sakaizany sy mpanampy azy dia afaka miharitra fanilikilihana sy fanararaotana ary fanenjehana maharitra. Noho ny fahasoavana izay zarain'i Kristy dia hazoniny ny finoany sy ny fatokiany an'Andriamanitra na dia ao anatin'ny fisedrana mivaivay indrindra aza. Ny fandresen'ny finoana kristiana dia ny miharitra sy mijoro; ny milefitra mba hamaboana (LP 300).

Arak'izany, **ny dingana voalohany dia ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra** isan'andro mba ho vonona handray ny fanampian'ny lanitra isika amin'ny fotoana ilantsika izany.

Ny dingana faharoa dia ny fahatakarana tsara ny maha-olona manana ny maha-izy anao manokana anao. Zanak'Andriamanitra isika, printsy ao amin'ny lapan'Ilay Mpanjakan'ny voahary manontolo isika. Na toy inona na toy inona fanararaotana atao amintsika dia tsy hanova izany fahamarinana kanto indrindra izany.

Anakandriamasony isika ary fitiavana mandrakizay no itiavany antsika. Tsy misy na inona na inona mahazo mihatra amintsika raha tsy noho ny alalana avy Aminy. Mikarakara antsika Izy, toy ny hoe amintsika tsirairay no ifantohan'ny fitiavany manontolo.

Fanirian'Andriamanitra ny tsy hananantsika toe-tsaina manambony tena, matoky tena loatra, matoky loatra ny fahaizantsika. Etsy ankilany dia faniriany ny tsy hanambaniansika ny tenantsika. Tiany raha manana fahatsapana madio sy voalanjalanja ny tombam-bidintsika isika, fahatakarana mazava ny maha-isika antsika sy izay azontsika tratrarina amin'ny alalan'ny herin'ny fahasoavany.

Raha manana izany fahatsapana mafy orina ny tombam-bidintsika izany isika, dia

HEVI-DEHIBE

1- **Tsy azo ialana ny fifandonana**

2- **Fihetsika mendrika sy feno fanajana**

3- **Fahatoniana na anaovana teny mahery aza**

4- **Mifandraisa isan'andro amin'ny lanitra.**

5- **Olona manana ny maha-izy anao manokana ianao...**

6- **Tsy miankina amin'izay atao na tsy ataon'ny olona aminao ny maha-**

zanak'Andriamanitra sy printsin'ny lanitra anao.

7- **Fitiavana mahagaga**

8- **Tsy mety ny Manambony na Manambony tena**

9- **Ilainao ny Fahatakarana marina ny tena maha-izy ny tena**

ho afaka kokoa hijoro manoloana ny fanakianana mivaivay.

Ny dingana fahatelo dia ny mivavaka ho an'ilay olona. Mety tsy ho fantatsika ny tantaran'ny antony nampalahelo azy ka nahatonga azy haneho haratsiam-panahy, na izay zavatra mitambesatra ao am-pony. Na izany aza dia azontsika atao ny mangataka amin'Andriamanitra mba hahazantsika mampiasa ny hery miasa mangina ananantsika hanazavana sy hampaherezana ny fanahy izay ezahan'i Satana rombahana. Raha **manana izay fomba fijery tsara momba ilay olona** izany isika, sady **maniry hamoha ny tsara indrindra ao am-pony, dia hanana fiadanana sy fahavononana hiatrehana ilay fifampiresahana manahirana.**

Fanapahan-kevitra sy dingana atao :

1. Hanao ny ezaka rehetra aho mba hahatakarako ny fomba fijerin'ny olona mifampiresaka amiko. Mba hanatanterahana izany dia azonao ampiasaina ny teny toy izao: "Miangavy anao aho mba hanampy ahy hahatakatra kokoa ny tianao hambara." "Tiako hamarinina raha azoko tsara ny hevitra nambaranao..." (dia avereno lazaina ny hevitra nambarany). "Tiako ho azo kanefa mbola tsy azoko tsara ny tianao hambara, azonao lazaina amin'ny fomba hafa ve izany?" "Tiako ho azo antoka fa azoko tsara ny fomba fijerinao, izany hoe ny tianao hambara dia..."
Ny tranqa tsara indrindra dia ahitana ny andaniny sy ankilany samy miezaka mba hifankahazo tsara ny resaka, kanefa amin'ny ankapobeny dia tsy izany no zavamiseho. Koa aza miantehitra amin'ny fiheverana hoe miezaka hahatakatra ny toerana misy anao ny ankilany. Na izany aza dia tsara ihany ny ilazana hoe: "Azoko atao ve ny mangataka anao mba hihaino indray ny fomba fijeriko?" na "Ahoana no fahazoanao ilay nolazaiko teo?"

2. Kendreko mba hitovy ny fotoana itenenana. Mba hanatanterahana izany dia azonao atao ny mangataka fifanarahana amin'ny fanombohan'ny resaka, na azonao atao koa ny miteny hoe: "Efa elaela izay ianao no niteny, mba avelanao hiteny indray ve aho?" na "Izany nambarako izany no fomba fijeriko ilay toejavatra, mba ahoana kosa ny fijerinao azy?" Afaka manamafy kokoa ny fangatahana ianao, amin'ny hoe: "Tsapako fa tsy omena fahafahana hiteny mihitsy aho. Miangavy anao aho mba hihaino ny tiako holazaina." Na: "Tsapako fa isaky ny miezaka miteny aho dia tapahanao ny teniko. Afaka omena minitra vitsy ve aho hanazavako ny fomba fijeriko?" Raha tsy miteny na inona na inona ilay olona dia azonao atao ny miteny hoe: "Tsapako fa zava-dehibe ny hilazanao amiko ny fomba fijerinao momba izany, kanefa tsy niteny firy ianao hatreto. Inona no azoko atao mba hamparisika anao kokoa hilaza ny hevitrao?"

10- *Mivavaha ho an'ilay olona...manahirana anao.*

11- *Fomba fijery tsara momba ilay olona*

12- *Fahatakarana tsara ny fomba fijery sy fihevitra ny olona..*

13- *Fifandanjana eo amin'ny fampiasana ny fotoana hitenenana*

3. Hajaiko ny fahatsapana ao amin'ny olona mifampiresaka amiko. Matetika dia tezitra na malahelo ny olona rehefa misy hevitra mifanohitra amin'ny azy. Ary rehefa ny fihetseham-po no mibahana dia sarotra ny mandroso mankamin'ny vahaolana.

Fehezo mandrakariva ny tenanao ary aza avela hampisafoaka ny fihetseham-ponao ny toe-javatra na ny olona mifampiresaka aminao. Manarak'izany dia **tokony hekenao am-panajana ny fahatsapana ao amin'ilay olona.** "Malahelo ianao noho ny tsy fitoviako hevitra aminao satria resy lahatra ianao fa ny fomba fijerinao no marina." "Malahelo mafy ianao satria tsapanao fa tsy manohana ny tetik'asanao ahoh." "Tezitra mafy ianao satria araka ny fijerinao dia miezaka manararaotra anao aho."

Raha manao teny mahery aminao ilay olona dia zava-dehibe ny hiarovanao ny tenanao amin'ny alalan'ny teny hoe: "Miangavy anao aho mba hampitsahatra ny fanambianao ahy." "Mivaona izany fanamarihanao izany." "Tsy tokony hanambany ahy toy izany ianao." "Azontsika atao ve ny miala amin'ny fifandranitana ka mifantoka amin'ny tena olana?" Ny fijoroanao toy izany dia anehoanao fa tsy hanaiky horahonana na hambaniana ianao. Rehefa nikasi-tanana an'i Jesosy ilay miaramila, dia hoy Izy: "**Raha niteny ratsy Aho, ambarao izay ratsy; fa raha tsara ihany kosa, nahoana no dia mamely Ahy ianao?**" (Jaona 18:23). Marina fa amin'ny toe-javatra sasany dia mety ny "manolotra ny takolaka ilany," kanefa tsy mitondra soa ho an'iza na iza ny famelanao ny hafa "hanosihosy ny momba anao manontolo" raha toa ka **valin-teny maneho fijoroana dia ampy hanarenana ny toe-javatra.**

4- Mangataka fiatoana kely aho raha mikatso ny fifampiresahana. Tsara ny mampiato kely ny fifampiresahana raha toa ka be loatra ny fihetseham-po na tsy mandroso mihitsy ny resaka. Ny fangatahana fampiatoana ny resaka dia tsy tokony hatao mba hahazoanao tombon-tsoan'ny tenanao manokana. Ny tanjona dia ny hahafahan'ny andaniny sy ankilany mitony sy mandinika ny zava-niseho, ary mba handiniana fomba hamahana ny olana. Azonao atao ny miteny hoe: "Angamba tsara raha misintaka kely aloha aho mba hisaintsaina." "Toa tsy dia mandroso izany resatsika izany, koa andeha haato kely aloha, dia tohizana indray afaka antsasak'adiny na..." "Mila miato kely aloha isika ary mitony. Tohizantsika indray afaka folo minitra."

5. Mifantoka amin'ny famantarana sy fahatakarana ny olana aho. Mahavariana ny mandinika fa **ny ankamaroan'ny olona dia mandany fotoana mamantatra hoe iza no manana ny marina ary iza no diso, fa tsy miezaka mamaha olana.** Anisan'ny antony iray mandany fotoana koa ny fitsambikinana

14- **Manaja sy mifehy ny resaka mivaona – na tsy mitovy hevitra aza.**

15- **Ilaina ny fihatoana kely rehefa mikatso ny fifampiresahana**

16- **Aoka hanana Saina mazava Ny famahana ny olana no tanjona fa tsy ny hametraka ny**

mankamin'ny lohahevitra hafa kanefa tsy noezahina hovahana ny teo aloha. Be dia be ny fotoana sy hery lany amin'ny fitanisana ny zavatra mampalahelo sy nandratra tamin'ny lasa ka tsy manam-potoana sy hery hamahana ny olana ankehitriny intsony izy ireo. Anisan'ny olana koa ny fifandirana mikasika izay voalaza fa tsy miezaka manakatra ny hevitra tiana hambara. "Andeha hatsahatra ny fifandirana mikasika ny hoe iza no marina sy diso, ka hanomboka hikaroka vahaolana." "Azontsika atao ny manao lisitr'ireo zavatra tokony hodinihantsika, dia horesahantsika izany any aoriana, fa ankehitriny dia andeha aloha isika hifantoka amin'ny..." "Fantatro fa samy nanao teny sy fihetsika nampalahelo ny andaniny sy ankilany isika tamin'ny lasa, ary maneninta ny amin'izany aho, ary inoako fa ianao koa. Tokony hovahantsika tsirairay ireny olana ireny ary avy eo dia havalontsika any amin'ny lasa, kanefa ankehitriny, raha sitrakao, dia andeha ity olana maika ity aloha no hovahantsika." "Tsapako fa mety ho azo raisina amin'ny heviny hafa ny teniko teo, kanefa ny tena tiako holazaina dia... Sitrakao ve raha izany no horesahantsika?"

Raha mifanaraka ny roa tonta ka mahita teny folo hoenti-manoritra mazava ny olana dia efa eo antsasa-dàlan'ny famahana olana izy ireo. Tena mitaky ezaka be ny fanatanterahana izany satria ny olona dia samy manana ny fomba fijeriny manoloana ny olana iray. Raha manam-piniavana sy fahavononana anefa dia azo atao ny mamaritra sy mamaha ny olana, na tsy mitovy aza ny fomba fijery.

6. Hanao ny ezaka rehetra aho mba hahitana vahaolana mety.

Rehefa mifanohitra ny tombontsoan'ny olona roa dia sarotra ny mahita vahaolana mety amin'ny tsirairay. Eto amin'ity tranga manaraka ity dia tsy mifanaraka ireto mpivady hoe iza no hamiasa ilay fiara tokana iombonan'izy ireo.

Ny lahy te hampiasa ny fiara mba handehanany mankany amin'ny namany mandritra ny tontolo andro, kanefa ny vadiny dia te hampiasa ny fiara ho entiny miantena mandritra ny tontolo andro ihany koa, vahaolana efatra ihany no azon'izy ireo ampiharina manoloana izany filana mifanohitra izany. Na ny lahy no mampiasa ny fiara dia ny vavy mandefitra. Na ny vavy no mampiasa ny fiara dia ny lahy mandefitra. Na samy tsy misy mampiasa ny fiara izy mivady. Na mifanaraka izy mivady dia mifandimby mampiasa ilay fiara mandritra ny tapak'andro avy.

Indreto misy fomba azo amahana ny olana toy izany: "Efa nampiasa ny fiara aho tamin'ny herinandro koa anjaranao indray izao." "Raha izaho no mampiasa ny fiara amin'ity indray mitoraka ity dia anjaranao indray amin'ny manaraka." "Andeha hataontsika antsapaka hoe izay hampiasa ny fiara." "Ho setrin'ny

fahadisoana amin'ny hafa.

17- Fantaro izay tena tiana ambara.

18- Vahaolana mety amin'ny tsirairay no TSY MAINTSY tadiavina fa tsy ny an'ny anankiray fotsiny.

fampiasako ny fiara anio dia homeko ianao/ny hataoko dia izao..." "Ampiasao aloha ny fiara anio maraina, ary mandritra izany fotoana izany aho dia hitady zavatra hatao."

7. Hanitsy am-pitiavana aho raha inoako fa diso hevitra ny olona mifampiresaka

amiko. Mora kokoa ny mitady vahaolana rehefa misy fahadisoana nataon'olona iray noho ny manatanteraka ny asa sarotra amin'ny fananarana azy. Kanefa amin'ny maha-mpitarika kristiana anao dia mety ho voatery hananatra ny olona izay hitanao fa mania ianao.

Na oviana na oviana dia tsy nanao marimaritra iraisana tamin'ny ratsy i Jesosy mba hisian'ny fiadanana. Ny fony dia vontom-pitiavana ho an'ny taranak'olombelona rehetra, kanefa na oviana na oviana dia tsy noleferiny ny fahotan'ny olona. Sakaiza akaiky loatra ny olona izy ka tsy hainy ny nangina raha nahita azy ireo nizotra tamin'ny lalana izay nankany amin'ny fahaverezan'ny fanahiny (DA 356).

Mazàna ny firesahana mitokana amin'ilay olona nanao fahadisoana, amin'ny toe-tsain'i Kristy, dia hamaha ny olona. Manatòna ilay olona mania, amin'ny fo feno ny fitiavan'i Kristy sy fahavononana hahatakatra ny toerana misy ny hafa, ary katsaho ny fomba hanarenana ny olona. Mifampiresaha aminy am-pahaoniana sy amin'ny feo malefaka. Aoka tsy hisy tenim-pahatezerana hivoaka ny vavanao. Ny fomba fiteninanao dia aoka hanetsika ny fahaiza-mandanjalanja tsara ao amin'ilay olona (GW 499).

Ny fandinihan-tena lalina dia tena ilaina mialoha ny hanatonana ny mpanota mania iray. Tsy maintsy ataontsika azo antoka tanteraka fa tsy faniriana avy amin'ny maha-olombelona na fahazarana arak'asa fotsiny no manosika anao. **Tsy maintsy miankohoka eo anatrehan'Andriamanitra isika mba handinihantsika ny tenantsika andrao misy vatan-kazo eo amin'ny masontsika mialoha ny hanesorantsika ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny hafa. Tsy maintsy mitolona am-bavaka** isika mba handray ny fitarihan'ny Fanahy Masina izay hanampy antsika hahafantatra ny fotoana sarobidy mety hihainoan'ilay olona sy hamaliany ny antsontsika. **Ary tsy maintsy mangataka amin'Andriamanitra ny teny sy fihetsika tokony atao isika mba tsy hanafintohina tsy amin'antony ilay olona tiantsika hampiana.**

Ry Ray be fitiavana ô, mangataka ny herin'i Jesosy aho mba hahazakako ny teny mahery sy fanakianana mety hataon'ny hafa amiko. Mila ny fahendren'i Jesosy aho mba hahaizako mamaha ireo zava-tsarotra mipoitra eo amin'ny fifandraisako amin'ny hafa. Ary mila ny fo be fangorahan'i Jesosy aho mba hitiavako ny hafa ka hahafahako maneho amin'ny hafa ny fomba fijeriko mikasika ny olany sy ny zava-manahirana azy. Mangataka Aminao aho mba hamolavola ny toetrako ho voninahitry ny Anaranao. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

19- Vonona ny hanitsy am-pitiavana.

20 - **Fiomanana tsara : ny tenanao aloha jerena tsara...sao dia aminao no tokony hanombohanao ny fanamboarana....mba hahaizana ny fomba tokony hanampiana ny hafa...**

21- **Vavaka : tsiambaratelon'ny fahombiazana.**

22- **Vavaka : Loharanon-kery tsy mety ritra**

TADIDINAO VE IZAY NIANARANAO?

1. Inona no fiomanana tokony hataonao mialoha ny hiatrehanao fifampiresahana manahirana?

2. Mitanisà dingana fito azonao tanterahina mba hahombiazanao eo amin'ny fiatrehanao fifampiresahana manahirana.

3. Inona koa no zavatra hafa azonao tanterahina mba hanamorana ny fifampiresahana manahirana?

FEHINY

Teo am-pianarana ireo lesona ao amin'ity boky ity dia angamba nahatsapa ianao fa misy fanovana tokony hataonao eo amin'ny fiteninao sy ny fihetsikao. Ny fiovana madinika indrindra vitanao eo amin'ny fomba fifandraisanao amin'ny hafa dia tsara lavitra noho ny fikasana goavana indrindra kanefa tsy tanterahina. Koa manàna fikirizana eo amin'ny fiezahanao hanana fahazarana tsara vaovao.

Anisan'ny fomba tsara indrindra handrisihanao ny tenanao hampivoatra ny fahaizamaonao dia ny fihainoanao tsy tapaka ny fanamarihana ataon'olona atokisanao. Ny toroheviny sy ny fanohanany dia hankahery anao handroso lavidavitra kokoa.

Maro ireo boky sy fitaovam-pihofanana tsara izay hanampy sy hitari-dàlana anao eo amin'ny fampivoaranao ny fahaizanao mifandray amin'ny hafa. Ary izao no tsarovy mandrakariva: Manatona Ilay Loharanon'ny Fahendrena fa handrotsaka fitahiana be Izy raha mangataka Aminy ianao.

Ny ***herin'ny teny*** dia talenta izay tokony hampitomboina am-pahatokiana. Amin'ireo fanomezam-pahasoavana rehetra nomen'Andriamanitra antsika, dia ***io no mitondra fitahiana be indrindra.*** Amin'ny alalan'ny feo no andresentsika lahatra sy anazavantsika hevitra, amin'ny alalany no ivavahantsika sy iderantsika an'Andriamanitra, ary amin'ny alalany no anambarantsika amin'ny hafa ny fitiavan'ny Mpamonjy. Koa zava-dehibe indrindra ny hikorokoroantsika azy mba ho fitaovana mahomby fanaovan-tsoa.

Amin'ny alalan'ny ***fiezahana tsy tapaka*** dia azon'ny tsirairay atao ny mamaky teny amin'ny feo mazava, manonona tsara sy mazava ny teny ambara, amin'ny feo avo sy amin'ny fomba manentana. Raha manao izany isika dia hampitombo tokoa ny fahombiazantsika amin'ny maha-mpiara-miasa amin'i Kristy antsika.

Aoka ho amin'ny fomba mamoha ny fisainana sy mahakasika ny fo no anononana ny teny. Tokony ho miadana, mazava sy mendrika ny fitenintsika, kanefa koa amin'ny hafanam-po izay takian'ny maha-zava-dehibe ny hafatra torina (COL 335, 336).

Boky NAMPIASAINA

- Bolton, Robert. *People Skills: How to Assert Yourself, Listen to Others, and Resolve Conflict*. New York: Simon & Schuster, 1979.
- Carkhuff, Robert R. *The Art of Helping*. Amherst, MA: Human Resource Development Press, 1983.
- Chapman, Robert L. Ed. *Roget's International Thesaurus*. New York: HarperCollins Publishers, 1992.
- Donaldson, Les. *Conversational Magic*. West Nyack, NY: Parker Publishing Company, 1981.
- Dunn, Susan. *Ten Sure-Fire Ways to 'Make' Conversation*. <http://www.christianmommies.com/just-for-moms/ten-sure-fire-ways-to-make-conversation>
- Gabor, Don. *How to Start a Conversation and Make Friends*. New York: Simon & Schuster, 1983.
- Krannich, Caryl R. *101 Secrets of Highly Effective Speakers*. Manassas Park, VA: Impact Publications, 1998.
- Miller, William R., & Jackson, Kathleen A. *Practical Psychology for Pastors*. Engelwood Cliffs, NJ: Prentice-Hall, 1995.
- Mills, Harry. *Artful Persuasion: How to Command Attention, Change Minds, and Influence People*. New York: American Management Association, 2000.
- Seglin, Jeffrey L. & Edward Coleman. *The AMA Handbook of Business Letters*. New York: American Management Association, 2002.
- Sherwood, Kaitlin D. *A Beginner's Guide to Effective Email*. http://www.webfoot.com/advice_email.top.html
- White, Ellen G. *Counsels on Health*. Mountain View, CA: Pacific Press Publishing Association, 1951.
- _____. *Christ's Object Lessons*. Washington, DC: Review and Herald Publishing Association, n.d. 75
- _____. *Colporteur Ministry*. Mountain View, CA: Pacific Press Publishing Association, 1953.
- _____. *Desire of Ages*. Mountain View, CA: Pacific Press Publishing Association, 1940.
- _____. *Evangelism*. Washington, DC: Review and Herald Publishing Association, 1946.
- _____. *Fundamentals of Christian Education*. Nashville: Southern Publishing Association, 1923.
- _____. *Gospel Workers*. Washington, DC: Review and Herald Publishing Association, 1920.
- _____. *Sketches From the Life of Paul*. Washington, DC: Review and Herald Publishing Association, 1974.
- _____. *Mind, Character, and Personality*. Nashville: Southern Publishing Association, 1977.
- _____. *Selected Messages*. Washington, DC: Review and Herald Publishing Association, 1958.
- _____. *Steps to Christ*. Mountain View, CA: Pacific Press Publishing Association n.d.
- _____. *Testimonies for the Church*, vols. 2 & 5. Mountain View, CA: Pacific Press Publishing Association, 1943.
- Worth, Richard. *Webster's New World Business Writing Handbook*. Indianapolis, IN: Wiley Publishing, 2002.
- Write Better, Speak Better*. Pleasantville, NY: Reader's Digest Association, 1972.
-